



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-44

**FAMETRAHAM-PANONTANIANA NATAON'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA SY
VALINY AVY AMIN'NY MAMBRAN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-31
Natao ny
Alakamisy 12 Desambra 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Alakamisy 12 Desambra 2019, tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny mambran'ny Governemanta.

Nitohy ny Alakamisy 12 Desambra 2019 tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Nitarika ny fivoriana, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa.

Fiarahabana ny Solombavambahoaka tonga marobe nanatrika ny fivoriana no nanombohan'Andriamatoa Filoha ny fitenenana.

Marihana fa mbola tsy tao anaty efitrano fivoriana, Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihany.

Nanome fitenenana ny Solombavambahoaka mikasika izay ho fizotry ny fivoriana Andriamatoa Filoha.

Nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka ka nomena fitenenana.

Nanambara Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, fa tokony hatao 4 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana.

Andriamatoa REMI dit DJAO Jean kosa nilaza fa aleo atao 10 minitra amin'izay afaka miteny mazava ny zava-misy any aminy ny Solombavambahoaka.

Nilaza ny Solombavambahoaka RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, fa 5 minitra no antonony satria maro ireo handray fitenenana.

Roa minitra kosa no soso-kevitra naroson'Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson.

Nanambara, Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ireo soso-kevitra naroson'ny Solombavambahoaka teo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nanaiky fa hatao 5 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana, Solombavambahoaka miisa 8 no nilaza fa hatao 10 minitra izany ary Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky fa hatao 3 minitra.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa 5 minitra izany no faharetan'ny fandraisam-pitenenana hataon'ny Solombavambahoaka.

Nanolotra soso-kevitra, Andriamatoa Filoha, taorian'izay fa homena fitenenana ny Solombavambahoaka vitsivitsy na miteny daholo vao mamaly ny mambran'ny Governemanta.

Nisy Solombavambahoaka maromaro nanao satroka talohan'ny nandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny famalian'ny mambran'ny Governemanta ny fanontaniana hapetrak'izy ireo.

Marihana fa ho hita ao anaty lisitry ny Solombavambahoaka mandray fitenenana izy ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 76 no nandany fa mandray fitenenana daholo ny Solombavambahoaka vao mamaly ny mambran'ny Governemanta.

Marihana fa tamin'ireo Solombavambahoaka nanao satroka, niangavy an'Andriamatoa Filoha izy ireo mba hanonona ny anaran'ny olona mandray fitenenana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, hamaky ny andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-169 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne ka toy izao no fivakin'izany:

Andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalazan'ny andininy faha-76 dia atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta.

Andininy faha-169 andalana voalohany ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Araka ny andininy faha-102 andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana, fivoriana iray isaky ny 15 andro farafahakeliny, ka ao anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, no atokana ho an'ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka sy ny valiny avy amin'ny Governemanta. Izany fivoriana izany dia alefa mivantana amin'ny alalan'ny haino aman-jerim-panjakana.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ireo andinin-dalàna ireo, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa ho fanatanterahana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipika Anaty no anton'ny fivoriana. Nampahafantatra ny lamina napetraky ny Solombavambahoaka ihany koa talohan'ny nahatongavan'Andriamatoa Praiminisitra. Izany hoe, mandray fitenenana ao anatin'ny 5 minitra ny Solombavambahoaka ary tsy tonga dia mamaly ny mpikambana ao amin'ny Governemanta raha tsy tapitra niteny daholo ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nomeny fitenenana, Andriamatoa Praiminisitra.

Nambaran'Andriamatoa Praiminisitra NTSAY Christian, fa ny lalàna no mandidy an'izao fihaonana izao mba ahafahana mifandinika sy mifampiresaka mikasika ny raharaham-pirenena.

Nolazainy koa fa tao anatin'ny fotoana tsy nifankahitana izay dia niasa ny fitondram-panjakana. Nanatanteraka ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay nentina teto amin'ny Antenimierampirenena. Ny Filohampirenena, Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina, izay mitarika ny fitondram-panjakana dia nametraka velirano mazava tsara amin'ny tokony hitondrana ny tany sy ny fanjakana. Ny Governemanta manontolo dia namaritra ny programan'asa anatanterahana izany ary manatanteraka izany amin'ny antsakany sy andavany.

Maro ny ezaka efa natomboka tao anatin'izay 11 volana izay. Mbola maro ihany koa ireo tetikasa ho fampandrosoana an'i Madagasikara. Izany ezaka izany dia mikasika ny programan'asa izay efa voalaza teo mba ahafahantsika mampandroso ity firenena ity.

Horaisina am-pitiavana ny fanontaniana izay hapetraky ny Solombavambahoaka na soso-kevitra izay haroso, indrindra izay mahasoana ny olom-pirenena.

Izay no lava, izay no fohy fa hanaraka antsakany sy andavany ny fandaminana izay napetraky ny Antenimierampirenena ny Governemanta.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana nifandimby ny Solombavambahoaka, ka ireto avy no anaran'izy ireo:

1. RIVOTIANA Richard Jean Bosco
2. NAKANY Charly Zafimagnely
3. RANDRIAMBOLAINA Gerry
4. BAOFENO Micheline
5. RAVELOSON Guillaume Narindrasana
6. NASIRA Julien
7. RANDRIANASOLO Augustin
8. ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace
9. PEPIN MICHOU
10. RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA
11. RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
12. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
13. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
14. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
15. ZAFINANDRO Perle Bien Aimé
16. AFAKANDRO Alphonse
17. RAHASIMANANA Paul Bert
18. VELONTSARA Paul Bert
19. RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson
20. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
21. RAZARA Pierre Ravolaza Fidele
22. RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
23. RAKOTONDROSOA Fetra
24. RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

25. RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
26. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
27. MICHELLE Bavy Angelica
28. RAVENASY Jean Emanierson
29. TSABOTOKAY Honoré
30. RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
31. RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian
32. REMI
33. RAKOTOARIMANANA Patrice
34. VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
35. SATRA Augustin
36. SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
37. RATSIMBAZAFY Alain Jean
38. RABENARY Jean
39. RAHELIHANTA Jocelyne
40. HENRI Jean Michel
41. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
42. DINAH Romual
43. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
44. ANDRIANO Giscard
45. RAMAROSOA Emiline
46. FELICIEN Randrianantenaina
47. RAJOELINA Andriamiharimanana Seth
48. VONINAHITSY Jean Eugene
49. MAMIZARA Yasmirah Loeticia
50. TSARADIA Marco
51. RAHARIMAMPIONONA
52. TSIKIVY Adrien
53. RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
54. RANDRIANANDRAINA Theophile Christian
55. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
56. RASOLONIAINA Robert
57. RAZAKANDRAINY Henri Dominique
58. RAYMOND
59. RAJAOBELINA Lova Herizo
60. RAKOTOMALALA Lucien
61. RABEKIJANA Solofo Hery
62. RAKOTONIRINA Jimmy Joel
63. RASIDIMANANA
64. RAKOTOSON Hubert dit Solo
65. RAHANTANIRINA Lalao
66. MAMIHAJA Charlot
67. RATSIVAHINISOLO Andriniony
68. FIAROVANA Lovanirina Celestin
69. DARKHOU Siritis
70. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
71. MOHAMAD Ahmad

72. FERNAND Jeannot
73. MBADE Jeannine Gabriel
74. JOHASY RAHARISOA Eleonore
75. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
76. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
77. RASOAMALALA Honorine
78. JEAN FRANCOIS Michel
79. RAFIDIMANANA Narson
80. ROILAHY Jonah
81. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
82. RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
83. RAHERIARIJAONA Regina Clarisse
84. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
85. RAKOTONDRAVAO Georges
86. ASSIMO Bruno
87. IDEALSON
88. MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odo
89. RAHELIHANTA Jocelyne
90. DJAOSERA Irene
91. MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc
92. EDIZARD
93. RATSIRAKA Iarovana Roland
94. RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
95. RANDRIANARISOA Bien Aime Arsene
96. RAMILISON Ange Richard
97. RAKOTORAHALAHY Modeste
98. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
99. RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
100. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
101. RAZAFINANDRASANA Raulan
102. VELOMAHAZO Patrice
103. RAMAHANDRISOA Edu Edmond

Toy izao kosa ireo nisongadina tamin'ny fanontaniana napetraka isaky ny Minisitery izay nosokajiana araka ny laharan'ny arofenitra:

1- Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

Maro ny toerana mbola anjakan'ny tsy fandriampahalemana, ka tokony hitady vahaolana maharitra ny tomponandraikitra hamerenana ny filaminana. Misy olona tsy manan-tsiny maty noho izany. Hita izany na an-tanàn-dehibe na any ambanivohitra. Tokony handray fepetra manoloana izany toe-javatra izany ianareo. Ohatra, ny tany Nosy Varika izany, tamin'ny 7 ora, hariva dia efa misy mandroba. Tany amin'ny toeran-kafa misy ny fanolanana vehivavy mpitsabo sy renim-pianakaviana. Santionany amin'ny tsy fandriampahalemana izany.

Tsy ampy ny fampitaovana, ka tokony haparitaka ireo fitaovana vaovao azo fotoana fohy izay mba hisorohana ny asan-jiolahy. Hihena izany raha izay no atao sady ampiana ny isan'ny Miaramila sy Zandary alefa amin'ireo faritra mena. Izany hoe ampio ny DAS sy ny fitaovana ho azy ireo.

Mila fiaraha-miasa bebe kokoa miaraka amin'ny vahoaka ianareo mpitandrofilaminana satria ny olona ihany dia efa afaka manome vaovao mikasika ireo jiolahy mpanao asa ratsy. Jereo koa ireo mpitandrofilaminana miray tsikombakomba amin'ny jiolahy. Mila saziana mafy izy ireo rehefa tratra fa aza arovana.

Mila fanamboarana ny tranon'ny Miaramila amin'ny toerana maro satria efa ela no tsy nanaovana izany kanefa misy toerana efa nahazo rezimanta fa ny trano no olona sy ny tsy fahampian'ny Miaramila.

Tahaka ny any Maintirano, amin'ny ankapobeny mba milamina ny tanàna satria misy mpitandrofilaminana nalefanareo. Isaorana izany kanefa misy toerana tokony hampiana ny isany mba hampilamina ny tany ary atao mandritra ny volana maromaro no ijanonany any an-toerana.

Manakaiky ny fety, hita fa manao ny ainy tsy ho zavatra ny Miaramila sy Polisy ary Zandary amin'ny fiarovana ny olona sy ny fananany, mbola isaorana koa izany.

Ho an'i Miandrivazo manokana, nangataka ny hametrahana ZRPS any an-toerana satria ny tapany atsimo amin'ny Distrika milamina, fa ny tapany avaratra kosa lasa faritra mena.

2- Minisiteran'ny Raharaham-bahiny

Soso-kevitra mikasika ny «îles éparses», raha hifanatrika amin'ny fitsarana iraisam-pirenena, tokony hisy volavolan-dalàna matanjaka satria ny fiandrianam-pirenena no ambony noho ny fifanaraha natao tany aloha. Noho izany, mampirisika amin'ny fifampiresahana amin'ny hahazoana ireo nosy ireo izahay.

3- Minisiteran'ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola

Tokony hanara-maso ny fampiasana ny vola 5 Miliara Ariary homena ny Governora hampandrosoany ny Faritra ny fitondrana foibe satria betsaka izany, kanefa sao tsy misy fiantraikany mivantana amin'ny fandrosoan'ny Faritra.

Maro ny kolikoly misy amin'ny mpiasan'ny hetra, ka mila jerena ny momba izay satria mitarika ny toeram-piasana hafa hanao izany kanefa isika milaza fa miady amin'ny kolikoly.

Mangataka mba hatao laharam-pahamehana ao amin'ny LFI 2021 ireo Distrika azo lazaina fa tara kanefa tsy tafiditra tamin'ny LFI taona 2020. Maromaro izy ireo, ohatra ny any Andilamena, fa ianareo teknisiana no aoka hijery azy.

Maro ny Fokonolona no nahavita trano fianarana kanefa tsy hita any anaty tetibola ny karama tokony ho an'ny mpampianatra, eo koa ny fampitaovana toy tafo. Angatahana ny hijerenareo akaiky ny fanampiana ny Fokonolona, na ny karama sy ny "subventions" homena ny mpampianatra.

Ahoana ny momba ireo sampandraharahan'ny ladoany nosokafana amin'ny toerana sasany, inona no asany, omeo olona hiasa mba hisian'ny fampandrosoana hialana amin'ny kolikoly. Mazoto mandoa hetra ny olona fa ny mpiasa ao aminareo Minisitery no manao zava-dratsy, raha vola 200 000 Ariary no voatonona fa haloa, 55 000 Ariary no «quittance» omeny. Izany hoe lasa any am-paosiny ny vola, fa tsy miditra any amin'ny fanjakana. Efa endrika kolikoly koa izany kanefa ny tanjona dia ny hialana amin'izany.

Inona no vahaolana amin'ireo mpiasan'ny FER mbola tsy nandray vola nandritra ny 9 volana. Jereo ireo olona ireo fa mamelona vady aman-janaka.

Ahoana ny momba ireo fotodrafitrasa tsy misy fanavaozana kanefa Minisitery mampidi-bola ianareo; tokony hojerena ireo birao ireo fa tsy mety raha ny anaran'ny Minisitery no tarafina.

Raha ny tetibola no jerena, betsaka ny vola natokana ho an'ny karaman'ny mpiasam-panjakana kanefa mbola manjaka ny kolikoly toy ny hita ao amin'ny Minisitery ny Asam-panjakana. Tsy azo akena ve izany taha ho an'ny karama izany ary anaovana zavatra hafa.

Efa ela no niresahana mikasika ny olan'ireo mpampindram-bola tahaka ny OTIV, tsy misy valiny ny fitarainan'ireo olona nametraka vola tao aminy satria lany tsy hita ny vola hatramin'izao. Angatahana vahaolana avy aminareo izany.

4- Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisitery ny Fitsarana

Maro ny Distrika misy tribonaly kanefa tsy manana fonja; misy koa ny mifamadika amin'izay. Mba jereo akaiky ny mikasika izany satria voatery mamonjy Distrika hafa rehefa manao raharaham-pitsarana ny olona, lasa lany fotoana sy lany vola. Noho izany, mangataka ny toerana tsy misy fitsarana mba hanaovana fotodrafitrasa hialana amin'ny fahasahiranana hamonjy Distrika hafa.

Inona no tetikady entinareo satria tena manjaka ny kolikoly eny amin'ny fitsarana. Saika ahitana izany daholo ny toerana misy tribonaly eto amintsika. Fotoana fohy dia efa votsotra ny mpamono olona satria miasa ny vola. Fijaliana no hitan'ny vahoaka rehefa hiatrika fitsarana satria na ny "procureur" aza toa mankasitraka ny fandaniam-bola mihatra amin'ny olona manana raharaham-pitsarana. Ohatra amin'izany ny toerana tsy misy tribonaly, toy ny any amin'ny Distrikan'i Beroroha sy Vatomandry. Tsapa ihany koa, fa olona hafa no toriana eny amin'ny fitsarana kanefa olona hafa no migadra. Mba mila jerena akaiky ny zavatra toy izany satria mikaikaika noho ny fiasan'ny fitsarana ny vahoaka.

Maro ihany koa ny fonja mila fanamboarana eto amintsika satria mihoatra ny tokony ho izy ny voafonja tazonina amin'ireny toerana ireny. Izany hoe, manamboatra fonja vaovao mihitsy, tahaka izany koa ny tranon'ny mpiandry fonja.

Tsy ampy ny isan'ny mpiasa misahana ny gadra, ka tokony handray mpiasa ny fanjakana hanampy ny efa misy sady aparitaka amin'ny toerana hafa izy ireo.

Fefeo ny fonja fa lasan'ny olona ny tanin'ny Minisitery ny Fitsarana. Maro ny toerana ahitana izany, koa manentana amin'ny hisian'ny tetibola hamahana ny olona sy hamerenana ny tany.

Inona no antony tsy ahafahan'ny Polisy sy Zandary miara-miasa rehefa handefa olona eny amin'ny fitsarana. Tokony hampiana ny isan'izy ireo amin'ny fanatanterahany ny asany ary tokony hatao sesitany ireo dahalo tratra, tsy avela hiverina amin'ny toerana niaviany intsony hialana amin'ny fampihoroahoana ny olona raha sendra mivoaka ny fonja izy ireo.

Inona no tsy amerenana ny basy azo tamin'ny dahalo, omena ny Kaominina izany mba hiarovany tena sady anaovana taratasy mazava ny fampiasana azy ary ho lasa fananany madiodio.

Tokony handraisana fepetra ireo" Magistrat" miditra amin'ny resaka politika satria lasa matahotra ny olona manan-draharaha eny amin'ny fitsarana. Misy porofo izany ary azonay homena anareo.

5- Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Tsy tafiditra tao anaty «loi de finances» ny Distrikan'i Lalangina, tsy io Distrika io irery, fa ohatra entina milaza izany ary tokony hisy fanaraha-maso avy amin'ny Minisitera ny resaka fitsinjaram-pahefana.

Misy tany lasan'ny mpanam-bola, mikasika Minisitera maromaro, tafiditra ity Minisitera ity; inona no fepetra hamerenana ny tany amin'ny fanjakana. Tokony hiara-hidinika momba izany ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Mikasika ny FIB, rahoviana no hijerena azy manokana satria mitarika olana eo amin'ny tompon'omby sy ny tomponandraikitra izany. Tsy fantatra ihany koa izay tena vidiny marina, fa saika miovaova isaky ny Faritra; sao misy fanararaotana ataon'ny tomponandraikitra mikasika ity FIB ity (Délégué sy ny Sefom-pokontany), amin'ny fivarotana omby.

Misy Fokontany maro tokony efa havadika Kaominina, tsy efa mila jerena amin'io taona 2020 io ve ny momba azy ireo satria efa mahazaka izany ny Fokontany voakasik'izay. Tahak'izany koa ny fangatahana Kaominina andrenivohitra, omeo izay Kaominina ambanivohitra tokony hahazo izany ary omeo Kaominina koa ny Fokontany mendrika izany. Ireo tokony hahazo Distrika, mba jereo koa satria misy Kaominina tena mifanalavitra kanefa azo lazaina fa mahafeno fepetra ho amin'izany.

Omeo fitaovana ny solotenam-panjakana, toy ny Lehiben'ny Distrika fa tsy ampy ny zavatra ampiasainy toy ny fiara 4x4, "moto", trano honenana sns...

Ahoana marina ny mikasika ny "indemnités" ny Sefom-pokontany, toa mbola tsy voavaha izany hatramin'izao ka mampita hafatra izy ireo noho ny fijaliana mianjady aminy. Efa ela izy ireo no tsy nandray an'izany vola fanampiana izany ary tokony hakarina koa ny tambin-karama homena azy.

Mangataka ny hamadihana ho Faritra iray an'i Vatovavy satria hitondra fampandrosoana ny fanaovana izany. Mifanalavitra loatra raha mankany Fitovinany rehefa mikarakara taratasy ny vahoaka ka mitaraina amin'ny tokony hahazoany an'io Faritra io.

Maro ny Solombavambahoaka nangataka ny fanamboarana tranom-pokonolona satria betsaka tamin'izy ireo no ravan'ny rivo-doza, ka tsy nisy fanamboarana intsony; ao ireo mbola tsy nanana hatramin'izay ka miangavy ny hijerena azy ireo.

Eo anatrehan'izay, nisy efa nahazo fanampiana avy tamin'ny BNGRC, ka nitondra fisaorana; ny hafa kosa mitaraina satria tsy nahazo izany fanampiana izany hatramin'izao.

Ambany tahan'ny olona mandeha mifidy ankehitriny, soso-kevitra no atolotra; maninona raha atao "obligatoire" ny mifidy.

6- Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka

Mila fampitaovana ny Polisy satria saika mitovy araka ny voalaza tany aloha ny fitaovana ampiasain'ny jiolahy sy izy ireo. Raha ampy ny fitaovana, hihena io asan-jiolahy mateti-pitranga io. Koa mangataka io fampitaovana io izahay olom-boafidy.

Raha ny isan'ny "commissariat" eto amintsika, tena tsy ampy izany, io no tena mampirongatra ny tsy fandriampahalemana; omeo vahaolana ny vahoaka satria feno tahotra raha sendra mba metimety fivelomana. Mangataka ihany ireo toerana mbola tsy manana izany mba hatao ao anaty fotoana fohy hampilamina ireo toerana ireo sy ny fivelomany.

Manjaka ny tsy fandriampahalemana amin'ny toerana maro, toy ny eny Avaradrano, Anjzorobe, Fianarantsoa, Miarinarivo sy ny hafa ihany koa. Tahaka ny teo aloha ihany, ampio ny olonareo hiaro ny vahoaka sy ny fananany mba hahazoany manahy ny fiainany andavanandro.

Eo amin'ny fotodrafitrasa, mila ezaka amin'ny fanatsarana sy fanamboarana mihitsy satria tsy mendrika ny asan'ny mpitandrofilaminana raha ireny no toerana iasany sy itazonana ireo mpanao ratsy ka vao maika mampirisika azy ireo hanao ny asa ratsiny izany satria mitovitovy ny fitaovana sy hery ananany.

Eo andanin'izay, nisy fihatsarana ny fandriampahalemana satria nanao ny asany ny Minisitera tomponandraikitra sy ny Governemanta tamin'ny ady atao tamin'ny "kidnapping"; tsapa fa toerana maro no nahitana fa avotra soa aman-tsara ny olona nanaovan'ny jiolahy an'izany asa ratsy izany. Nitondra filaminana ihany koa ny fanaovana «patrouille» raha ny ankapobeny no jerena, nihena ny asa fanendahana raha ny teto Antananarivo manokana no asiana resaka.

Raha ny hita amin'ny toerana maro, anisan'ny mampilamina ny tany ny fisian'ny "Dina", inona no antony tsy ampifanarahana izany amin'ny lalàna na hoe "homologuer"-na satria raha izay no misy tena hihena ny tsy fandriampahalemana, indrindra any amin'ny toerana na Distrika lavitra tokony hampiharana azy. Ohatra any amin'ny Faritra Andrefana sy Atsimo Andrefana.

7- Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Maro ireo tetezana efa nasiam-panamboarana taorian'ny fandalovan'iny rivo-doza iny; isaorana anareo tomponandraikitra izany; kanefa eo amin'ny fanamboaran-dalana kosa betsaka ny tokony harenina sy hatomboka, santionany amin'izany ny lalana: Beroroha-Ankazoabo-Sakaraha, ny lalana ao Ranohira, ny lalana Farafangana-Vondrozo na ny RN27,

ny RN12A ary ny RN22 izay 30 km monja. Ny ao Betsizaraina-Ilafy-Ambohimangakely; ny ao Andemaka-Alatsinainy Bakaro-Ambatomitsangana, ny lalana Antsohihy-Bealanana, ny lalana RN42, RN44 izay lalana tena mamatsy vary ho an'ny toerana maro eto amintsika, sns... Tahaka izany koa ireo lalana mampitohy Faritra roa, na Kaominina maromaro. Ohatra, ny lalana "RN20 Temporaire".

Marihana fa misy ny tetezana mbola tsy narenina ka atahorana hamono olona ny fandalovana eo aminy kanefa mampitohy Kaominina maro izany. Angatahana ny fanarenana izany.

Mikasika ny RN5, efa vita ny fifanarahana, nahoana no tsy manomboka ny asa. Tafiditra ao anaty "Promesse Présidentielle" koa anefa io lalana io. Mba jereo fa mijaly ny olona raha handeha baka na sambo satria lavitra ny toerana aleha. Tahaka izany koa ny fanaovana "goudron" ny lalana RN3A, izay tsy lava loatra ka mety tsy handaniam-bola firy ny fanamboarana azy.

Ampandehano koa ny baka amin'ny toerana ahafahana manao izany alohan'ny hahavitan'ny lalana satria fomba iray ahazoana mamoka ny vokatra izany rehefa arahina fitandemana ny fampiasana azy.

Nisy nisaotra tamin'ny fanamboarana ny lalana mampitohy an'Antalaha-Marantsetra saingy misy tapaka ka tokony hojerena izany mba tsy hahasimba tanteraka izay efa vita. Nisy koa mbola nisaotra satria tafiditra tamin'ny PGE ny lalana RN11 sy ny lalana Mahanoro-Marolambo, ny lalana mankany Andramasina ohatra; kanefa misy baka tsy mandeha ka tokony hojerena izany mba hampirindra ny fifamoivoizana. Toy izany ny fanamboarana serana-tsambo satria mampiakatra ny resaka toekarena ny fahavitan'izany, indrindra raha miampy ny fanatsarana ny lalamby. Ohatra, any amin'ny Faritra Atsinanana sy Atsimo Atsinanana.

Ahoana ny fanamboarana ireo "digues" izay miteraka tondra-drano kanefa ny fahavitan'ireo dia mitarika fitomboan'ny vokatra sady ahafahana mivezivezy ihany koa. Misy amin'ireo efa ho 30 taona no simba kanefa tsy mbola namboarina hatramin'izao. Mangataka ny hanatanterahana ny asa momba izany ireo Distrika voakasik'izay mba ahafahany mamoka ny vokatra ao aminy.

Inona no antony tsy anaovana "pavé" ireo lalan-tany misy amin'izao fotoana izao, sao vao maika handany vola ny hanarenana izany rehefa tonga ny fahavaratra.

Maro koa ny nangataka ny hikojakojana ny lalam-pirenena, toy ny RN4, RN7 satria mampifandray Faritany maro izy ireny ary misy ireo tetezana atahorana ho tapaka ka hitera-doza; tsy aleo ve misoroka toy izay hitsabo.

Nisy anefa no nisaotra tamin'ny fanamboarana ny lalana tao aminy, toy ny RN2 saingy nangataka ny hanamboarana ireo "route d'intérêt provincial" amin'ny toerana nahalany azy satria mampitohy Kaominina maro mamokatra koa izy ireny.

Ahoana ny fanombohana ny fanamboarana ny RN44 mampitohy an'i Moramanga-Ambatondrazaka, amin'ny PK fahafiry no atomboka ny asa satria raha ny hita, ampahany ihany no asiana fanarenana. Io no lalana anisan'ny ratsy indrindra raha eto Madagasikara kanefa araka ny voalaza teo aloha, sompitri'i Madagasikara Ambatondrazaka hatramin'izao raha vary no tenenina; ka rariny raha takianay ny hanamboarana azy haingana.

Sao hisy Distrika hadino amin'ny fampandrosoana raha tahaka izao no itsinjarana ny paikady entina mampandroso antsika.

Jereo ny momba ny fizarana "titre" sy ny vola aloa amin'izany fa mijaly ny vahoaka.

Nisy Solombavambahoaka aza nanamafy fa eto Antananarivo, mikasika ny "transfert" tamin'ny tany laharana faha-74-021 tamin'ny 20 Jona 1974, mbola tsy mihatra hatramin'izao kanefa efa "titre" faobe no nozaraina. Nomarihany fa "terrain domanial" izany toerana izany ka rahoviana no hozaraina ny "titre" momba izany ho an'ny vahoaka tokony honina eo.

Amin'io sehatra misy anareo io, betsaka ny ady tany hita eny amin'ny fitsarana, raha ny marina 80%-n'ny raharaha mandeha eny amin'ny tribonaly eto Madagasikara, ady tany no mitazona ny laharana voalohany. Vahao amin'ny alalan'ny "guichet foncier" ny olana mba hialana amin'izany ady miteraka fahafatesana izany.

Raha ny marina, mandoa vola momba ny FER isika, koa inona no antony tsy anamboarana ny lalana eto amintsika. Misy lalana efa tamin'ny taona 2007 no natao ny "projet" kanefa hatramin'izao, tsy mbola namboarina. Inona no antony.

Inona koa no antony tsy andoavana ny karaman'ny mpiasan'ny "Tarvaux Publics" nandritra ny 8 volana raha ny tany Mahanoro manokana no resahana.

Raha ny mikasika ny tany nampiasan'ny "colon" taloha, tsy tokony hasiana fanavahana ny fahazoan'ny vahoaka mampiasa izany, tsapa fa mbola olom-bitsy no misitraka ny fitrandrahana azy.

8- Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena

Maro ny Solombavambahoaka nilaza fa amin'ny ankapobeny, tsy ampy ny fotodrafitrasa any amin'ny Kaominina sy Fokontany handraisana ny mpianatra.

Maro no nisaotra tamin'ny fahazoana trano sekoly vaovao ho an'ny mpianatra na ho an'ny toerana lavitra izany na manakaiky ny renivohitry ny Kaominina na koa ny Distrika.

Mila fanatsarana ihany koa ireo sekoly efa vita satria maro no mihasiimba, indrindra ny EPP sy CEG ary hita amin'ny "Lycée" koa izany, toy ny tsy fisian'ny gorodona.

Fangatahana mpampianatra no tena nikambanan'ny Solombavambahoaka, ny tsy fahampian'izany no olana ho an'ny ankamaroan'izy ireo. Eo ankilan'izay, fangatahana mba hitovy ny isan'ny mpampianatra FRAM horeaisina isaky ny Distrika. Ireo efa nahavita taona maro no tokony hatao laharam-pahamehana amin'izany.

Inona no tsy mbola maha "titulariser" an'ireo mpampianatra amin'ny toerana lavitra izay niasa nandritry ny 17 taona. Ankinina amin'ny Minisitera ny fanaovana izany satria reraka ny miteny izahay kanefa tsy misy valiny hatramin'izao.

Fisaroana tamin'ny fanamboarana ireo «Centre de Formation Professionnelle» tamin'ny toerana nahazo izany satria hita ao anaty PGE ny fanatanterahana azy, tahaka izany koa ny "Centre de Métier de Base". Izany hoe, mba hahatanteraka an'ireo asa ireo, tokony hampiakarina ny tetibola entinareo miasa mba samy hisitraka ny fampandrosoana ny fari-pididiam-pampianarana misy eto amintsika (ZAP, CISCO ...).

Fankasitrahana amin'ireo asa hatao eto Madagasikara amin'ny fananganana trano sekoly miisa 30 samy ahitana efitra 12 avy ho an'ny EPP, trano miisa 8 ahitana efitra 24 ho an'ny CEG, trano miisa 6 ahitana efitra 12 ho an'ny "Lycée", "Centre Agricole" miisa 11 ahitana efitra 12; izy ireo dia haporitaka amin'ny Faritra maro eto amintsika ka fisaorana no atolotra ary ho tontosa soa aman-tsara ireo tetikasa ireo.

9- Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka

Tokony homena fitaovana ny ankamaroan'ny CSB II izay misy eto amintsika satria mijaly ny olona tsy salama, tahak'izany koa izay manao raharaha eny amin'ireo toeram-pitsaboana ireo, eny na ny mpiasa ao aminy aza. Ny antony, tsy ampy isa ny dokotera sy ny «sage femme». Mety ho lehilahy aza no mampisafy ny vehivavy bevohoka kanefa maro ny toerana fady anaovana izany. Lavitra koa ny toerana misy ny CSB II, mitarika fahafatesana ho an'ny marary izay toe-javatra izay. Noho izany, ilaina koa ny "ambulance" hitaterana ny marary hisorohana ny fahafatesana eny an-dalana.

Maro koa ny CSB manerana an'i Madagasikara no tokony hamboarina.

Ratsy ny fotodrafitrasa, misy aza CSB II, tafo lanitra. Mihanakana noho izany ny valan'aretina ka atahorana ny hisian'ny fiakaran'ny tahan'ny fahafatesana.

Tsy voaara-maso koa ny mpiasa sasany, manararaotra ny tsy fahampian'ny fitaovana, ka lasa tsy mamonjy toeram-piasana. Mila vahaolana avy amin'ny Minisitera izany, fa tsy handrasana ho faty ny olona vao hasiana valiny ny fangatahana ataonay olom-boafidy.

Efa misy Distrika manana "bloc opératoire" saingy tsy notokanana no tsy ampy ny isan'ny mpitsabo kanefa efa ho 5 taona no nahavitan'izany. Miasimba ny fotodrafitrasa ka mila jerena koa ny mikasika izany.

Ho an'ireo tsy manana "bloc opératoire", mangataka izany sady ampiarahina amin'ny fampitaovana sy ny mpiasa satria mijaly sy mandeha lavitra mamonjy ny toerana azo anaovana fandidiana ho an'izay marary mila izany. Manamafy ny fangatahana izay natao teo aloha.

Maro ny olom-boafidy nangataka ny hanomezana dokotera mpandidy sy dokotera mpitsabo nify satria tena betsaka ny toerana na Distrika tsy manana izany ka sahirana ny marary.

Nisy nilaza fa efa manana toerana hananganana hopitaly manara-penitra, ka matoky fa ho vita sy hisy mpitsabo izany raha ny tetikasa nomenareo no jerena.

Tao no nisaotra fa efa andalam-pahavitana ny azy ireo izany fotodrafitrasa izany kanefa nanipika ihany koa, fa tsy ampy ny fitaovana ampiasaina toy ny hita eny amin'ny hopitaly manara-penitra eo amin'ny "digue" eto Antananarivo, ka aiza ho aiza amin'izany ny anay any amin'ny toeran-kafa.

Nisy nanamarika fa voalaza ao anaty PGE ny fahazoana CHD kanefa tsy hita ao amin'ny LFI ny tetibola hanaovana izany. Koa niangavy ny hampidirana azy raha azo atao. Nisy koa ny nangataka ny hanovàna ny CHDI ho CHDII satria tsy ampy ny fitaovana entina miasa sy ny mpitsabo amin'izany toeram-pitsaboana izany.

Inona no fepetra raisin'ny Minisitera fa tena manahirana ny olom-boafidy ny miara-miasa amin'ny olona any amin'ireo "Direction Régionales de la Santé" iandraiketanareo.

10- Minisiteran'ny Fiompiana, ny Fambolena ary ny Jono

Fisaorana no nataon'ireo Distrika nahazo fitaovana hajonoana ho an'ireo mpajono madinika.

Noho ny fiovan'ny toetr'andro, niova koa ny kalitaon'ny masomboly, koa maro ny Solombavambahoaka no nangataka masomboly mba hanatsarana ny vokatra avy amin'ny mpamokatra satria haverina izany rehefa miaka-bokatra ny tantsaha.

Isaorana amin'ny paikady iadiana amin'ny kere misy any Faritra Atsimo, efa mihatsara ny fiainan'ny mponina amin'izao fotoana izao ka mankasitraka ny ezaka natao.

Vitsy ny velaran-tany azo ambolem-bary amin'ny Distrika sasany, tsy tokony hiankin-doha amin'ny hafa izy ireo, ka mangataka ny hanaovana toha-drano hanitarany ny velaran-tany sady hofehézina ny rano hahatsara ny vokatra miakatra. Amin'izay fotoana izay, ho betsaka ny voka-bary dia hisy koa ny fanjarian-tsakafo. Ampiarahina aminy koa ny fanafody miaro ny fambolena mba tsy hampihena ny vokatra azo.

Tsapa fa tsy ampy ny isan'ny "vétérinaire" eto amintsika, ka inona no tsy andraisana azy ireo na ampiana ihany koa ny fianarana momba izany mba tsy hampijaly ny mpiompy omby indrindra indrindra.

Raha ny FIB no resahana, 250 000 Ariary no ividianana izany eny amin'ny "Imprimerie Nationale" kanefa amidin'ny "délégué" 15 000 Ariary ny iray. Akana tombony tsotra izao ny mpiompy. Noho izany, aleo ny Kaominina mihitsy no mividy azy ary atao tokana ny vidin'izany eny amin'ny mpiompy omby sady atao amin'ny vidiny mirary.

11- Minisiteran'ny Angovo, ny Rano ary ny Akoran'afy

Maro ny ezaka efa nataon'ny Governemanta mikasika ny orinasa JIRAMA, tsapa anefa fa mbola maro ireo Faritra no adiny valo ihany ny jiro no mandeha ankoatra ny faritra akaiky renivohitra. Tokony hampiana ny ezaka efa natao mba hiala amin'izany toe-javatra izany ary asio fanaraha-maso koa ireo mpiasan'ny JIRAMA sao ao no misy fanararaotana ka miteraka ny fijalian'ny mpanjifa.

Ahoana ny fiakaran'ny vidin-jiro kanefa tapaka lava ary tsy mitovy koa ny vidin'izany isaky ny Faritany. Mba omeo fanazavana mikasika izany izahay.

Ahoana ny amin'ireo Distrika nampanantenaina fa hampidirana jiro ny Kaominina ao aminy kanefa toa tsy tanteraka izany hatramin'izao. Manainga anareo mba hijery an'izany satria lasa tratra aoriana ny toerana tahaka izany raha mitaha amin'ny hafa.

Mila rano fisotro madio ny vahoaka Malagasy, raha ny hita, tsy izay no zava-misy. Maloto ny rano no tapaka lava; misy aza raha tapaka amin'ny 10 ora alina, amin'ny 5 ora maraina vao mandeha indray. Tsy eto an-drenivohitra ihany no ahitana izany fa saika amin'ny Faritra maro eto amintsika, mandahatra “bidon jaune” ny olona mandritra ny alina miandry rano. Ny olona sasany aza tena tsy misy rano, fa rano maloto no ampiasaina. Ohatra, any amin'ny Faritra Atsimo.

Mangataka ny hanomezana “groupe électrogène” ho an'ny JIRAMA mba ahafahany mamatsy ny mpanjifa, indrindra fa voasoratra ao anaty PGE ny famatsiana angovo azo havaozina.

Omeo “panneau solaire” ny toerana tokony hahazo izany mba hialana amin'ny fiankinana amin'ny JIRAMA. Azo atao koa ny mifampiresaka amin'ireo mpisehatra amin'izany mba hampihena ny vola tokony haloa amin'ny JIRAMA.

Inona no antony tsy anomezana “château d'eau” ho an'ireo Distrika tsy ampy famatsian-drano. Izany no vahaolana mahomby amin'ny fahatapahan'ny rano matetika sady madio koa ny rano azo avy amin'izany.

Nisy naneho fisaorana tamin'ny fandehanan'ny jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro izay tsy misy olana hatramin'izao.

12- Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany

Aiza ho aiza ny fandehan'ny «Code Minier» hatramin'izao satria mitaraina ny mpivarotra vato madinika amin'izao fety izao satria izay no antom-pivelomany.

13- Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro

Ahoana ny fomba fahazoana «locomotive» amin'ny lalamby TCE, fa mampijaly ny vahoaka izany satria mampihitsoka ny vokatry tokony hivoaka.

Nisy “atelier” natao momba ny hijerena ny fizotry ny fitaterana amin'ny lalana, mbola tsy nivoaka ny vokatr'izany “atelier” izany hatramin'izao. Ahoana ny fijerinareo ao amin'ny Minisitera mikasika ny lalana Anosizato-Antanetikely; Ampitatafika-Antahadita satria raha eto an-drenivohitra anisan'ny mamaha olan izany.

Atambatra amin'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy sy ny Fitaterana, mikasika ny lalana Ambilobe-Vohémar, mijaly ny mpitatitra noho ny faharatsian'izany lalana izany kanefa efa hita fa efa andalam-panamboarana, ka mampirisika anareo hahavita ny fanamboaran-dalana sy ny fomba fitaterana rehefa vita izany.

Tokony hisy vahaolana homen'ny Minisiteran'ny Fitaterana momba ny fifamoivoizana eo antampon-tanànan'i Vohémar.

Tokony hovahan'ny Minisiteran'ny Fitaterana ny olana eny amin'ny seranam-piaramanidina satria tsy mendrika antsika ny resaka kolikoly avo lenta miseho eny. Fantatra fa vola indramina no anaovana ny asa kanefa tsapa hatrany ny fisian'izany kolikoly izany. Inona no vahaolana atolotrareo avy ao amin'ny Minisitera momba izany.

Mikasika ireo seranam-piaramanidina mihasinba eto amintsika, manantena ny hisokafan'izany izahay. Ohatra ny ao Antalaha.

Anisan'ny "site touristique" miavaka ho antsika Malagasy raha i Foulpointe. Inona no vahaolana entinareo hisarihana kokoa ny mpizahan-tany ho any an-toerana satria anisan'ny mampitombo tahan'ny harin-karena ny fahabetsahan'ny olona tonga mizaha tany any. Aiza ho aiza ny fanarenana ny SECREN satria iankinan'ny fiainan'ny firenena ny fisian'io hatrizay. Koa raha ho an'ny fitaterana an-dranomasina manokana, mba omeo valiny momba izany izahay.

Mandeha ny fanarenana ny "canal de Pangalane", mankasitraka izany asa atao izany izahay.

Mandeha ny fanamboarana ny seran-tsambo ao Soanierana Ivongo, mankasitraka izany ihany koa; kanefa tohizo hatrany ny fanitarana ny "port" ao Toamasina.

Ahitana loza matetika ny RN2, inona no fepetra tokony horaisin'ny Minisitera momba izany.

Hatramin'izao, lazaina fa hojerena ny be antitra manerana an'i Madagasikara momba ny fitaterana kanefa toa tsy misy fepetra raisin'ny tomponandraikitra hatramin'izao.

Mba mila fanazavana momba ny vola nividianana ny fiaramanidina ho an'ny Tafika Malagasy farany teo izahay. Taiza no namoahana ny vola sy ny fandehany.

14- Minisiteran'ny Asa sy ny Asam-panjakana

Jereo ny momba ny «fonctionnaires fantômes» mba ahafahana manao «recrutement» sy hanadiovana azy ireo.

Mitaraina ny tanora amin'ny tsy fananana asa, koa manantena fa hisy drafitra maty paika amin'ny hanomezana asa azy ireo.

15- Minisiteran'ny Fampianarana Ambony

Mangataka ny hananganana fampianarana mikasika ny «pharmacie» sy «vétérinaire» eny amin'ny oniverisite.

Mila fananganana fotodrafitrasa ho an'ny mpianatra sady mba ampiarahana amin'ny fampitaovana, toy ny rano sy jiro, efitrano mendrika hianarana ihany koa.

16- Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asatànana

Aiza ho aiza ny fampanantenana mikasika ny orinasa fanamboarana zezika sy "panneau solaire" notenenin'ny Filohampirenena.

Inona no antony tsy andaminana ny tsenan'ny lavanila any amin'ny Faritra SAVA ary esory ny «agrément» fa tokony havela manondrana ny vokatra ny tanora.

Tahaka izany koa any Analanjirofo, kivy ny vahoaka satria ambany loatra no ividianana ny "essence de girofle", 25 000 Ariary monja izany amin'izao fotoana izao.

Mangataka ny hijerena ny vidin'ny voly fanondrana satria mihem-bidy hatrany izany, toy ny jirofo, ny lavanila ary ny "letchi". Ahoana ny fandriampahalemana amin'ireo mpangalatra lavanila, ny tompon'ny vokatra indray no maty na enjehina.

Ahoana ny fampidirana ireo entana tsy ara-dalàna eto amintsika, lasa mamono antoka ny teratany Malagasy izany satria tsy mandoa hetra ny ankamaroan'ireo mpanafatra entana toy ny "friperie" kanefa "pièce" no ao anatin'ny.

Tsy azo atao ve ny manangana "usine de transformation" hialana amin'ny fanafarana entana izay tokony ho vita eto amintsika; miteraka asa ho an'ny tanora ihany koa raha misy tetibola atokana ho amin'izany. Faritra maro no tokony hanamboarana izany ary ampiana fiofanana amin'izay manara-penitra ny vokatry mivoaka avy ao.

Jereo ny momba ny SIRAMA satria efa ho 5 taona no nikatonany sady tsy naloan'ny Sinoa koa ny karaman'ny mpiasa tao. Ahoana ny ho avin'ny orinasa sy ny mpiasa.

Mikaikaika ny vahoaka amin'ny fidangan'ny vidin'entana, mitarika fiakaran'ny vidim-piainana izany, ka tolory vahaolana ny mpanjifa.

17- Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra

Malaza ratsy ny Minisitera amin'ny fivoahan'ny harena sarobidy ananantsika, ka mila andraisana fepetra entitra izany; eny na efa miezaka manenjika ny mpanao ratsy aza ianareo.

Ao anatin'izany ny famerenana an'i Madagasikara ho nosy maintso araka ny tanjona napetraky ny Filohampirenena.

Ahoana ny mikasika ireo "parcs nationaux" na ny "aires protégées" izay tsy ahafahan'ny mponina manodidina misitraka ny tombotsoa tokony ho azo amin'izany, fa fanenjehana aza no azo raha sendra tafiditra amin'ireo toerana ireo. Tokony hampianarina ny lalàna mifehy izany mba tsy tratran'ny fanenjehana ireo olona ireo.

Ara-dalàna ve raha misy olona tsotra mamefy renirano, mba tsy ahafahan'ny olona manakaiky ny tanàny. Mila jerena izany, tsy mitombina izany zavatra izany.

18- Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra

Misy Distrika vitsivitsy, efa tafapetraka ny «pylone» angamba taona maro lasa izay, fa mbola tsy misy zavatra mandeha hatramin'izao.

Mikasika ny «fibre optique», ho an'i Faradofay manokana, ekena ny fandrosoana fa ny vahoaka mihitsy no tsy manaiky ny handalovan'izany amin'ny sisin-dranomasina any aminay; koa hijereo vahaolana ny mikasika izany.

19- Minisiteran'ny Mponina

Tsy misy mpiahy ny mponina satria efa ho volana maromaro izay no nahamay ireo tanàna tany amin'ny Faritra Atsinanan'ny nosy, efa nampandre ny tomponandraikitra toy ny BNGRC sy ny Minisiteranareo izahay kanefa tsy hita izay valin'ny fangatahana fanampiana hatramin'izao. Mila famonjena ny mponina amin'ireo toerana ireo sa lavitra andriana dia tsy hainoina.

Ampahalalana ny Primatiora koa izay zavatra izany, vonjeo ny vahaoka fa mijaly, toy ny tsy manana Ray aman-dReny hiantorahana rehefa misy manjo azy.

Tamin'ireo asan-dahalo niseho tamin'ny toerana samihafa, potika ny tanàna sy ny fananan'ny mponina; mangataka fitaovana avy amin'ny Minisitera, toy ny fitaovana hananganana trano, fitaovana hampiasan'ny vehivavy, toy masomboly mba hoentiny miavotra mandrapahatongan'ny tena fanampiana maharitra.

Miandry ny "projet" avy amin'ny Minisitera ho an'ny fikambanam-behivavy satria raha misy tetikasa, afaka mitondra fampandrosoana ny vehivavy, indrindra ao an-tokatranony. Tokony hapetraka amin'ny toerana maro koa ny programan'asa AGR mba handraisan'ny vehivavy anjara amin'ny fampandrosoana ny toekarena Malagasy, fa tsy voatery hiandry ny lehilahy hatrany amin'ny fiainana andavan'andro.

Lasa anjorom-bala ny zokiolona tato ho ato, tokony hojerena ny momba azy ireo mba tsy ho vesatra ho an'ny fiaraha-monina fa homena lanja, toy ny fanamorana ny fitsaboana azy ireny, ny famerenana ny karatra maintso hametrahana ny maha olon-dehibe azy satria ireo no nahatoy izao antsika.

20- Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena

Inona no tsy anomezana «délégué des sports» ny Distrika maro kanefa efa mivoatra ny fanatanjahantena amin'izao fotoana izao. Ireo olona ireo no mahalala ny taranja tokony handroso any an-toerana. Raha azo atao, ampiarahana amin'ny fotodrafitrasa ny fanendrena azy ireo, toy ny fanamboarana kianja manara-penitra. Izany hoe atao «terrain synthétique» ny kianja hilalaovan'ny tanora mba tsy hirona amin'ny zava-mahadomelina izy ireo.

Fanampin'izay, ny taranja iarahana no tena miroborobo, fa ny ho an'ny olon-tokana kosa mila fanaraha-maso, amin'izay tsy mandeha ila ny fanatanjahantena eto amintsika.

Mila anamboarana fotodrafitrasa, toy ny "maison des jeunes" koa ny Distrika tsy manana izany, mba hialany voly sy hanitarany ny fahalalany satria efa andron'ny fandrosoana izao. Sahirana koa amin'ny tsy fisian'ny fotodrafitrasa rehefa tonga ny fanadinana hoe aiza no toerana hanaovana ny adina fanatanjahantena, ka izay no antony angatahana ny fanamborana fotodrafitrasa.

Ahoana ny fandehan'ny fanamboarana ny kianja RASOLONJATOVO any Ambatondrazaka; iza no nahazo ny tolo-bidy ary ohatrinona no hanaovana izany.

Fisaorana no natolotr'ireo Distrika nahazo kianja manara-penitra, toy ny tao Port Bergé, Befandriana Avaratra, Mandritsara satria hampivoatra ny fanatanjahantena ny fahazoana izany.

Ho an'ireo mbola tsy nahazo izany, nangataka ny hanomezana azy ireo kianja manara-penitra amin'izay mitovy ny tanora Malagasy.

21- Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Maro ny Distrika no tsy mandeha ny TVM sy ny RNM, na mandeha aza ny "radio" 20km monja dia tsy mahazo intsony. Aiza ny fampitaovana mba tsy hahatompon-trano mihono ny vahoaka, tsy maheno vaovao, fa izay lazain'ny haino aman-jery tsy miankina no manjaka. Tsy misy koa ny "délégué" amin'io Minisitera io; inona no antony tsy andraisana olona manana fahaizana amin'izany mba hahenika ny nosy ny zava-misy marina.

Aiza ho aiza ny fahazoana “émetteur”, fa araka ny voalaza teo aloha, tsy misy vaovao heno, mety hampanjaka ny tsaho ny teo-javatra toy izany.

Mangataka “camera” koa ireo fari-piadidianareo tsy manana izany mba ahafahana mandefa vaovao avy amin’ireo toerana ireo ho atỳ an-drenivohitra.

Raha amin’ity sehatry ny serasera ity, aoka mba hahazaka demokrasia amin’izay isika, satria rehefa lasa Minisitra ny sasany, manjary miova ny fomba fijery.

Ahoana ny fampiasana ny kianjan’i Mahamasina amin’ny resaka kolotsaina. Mihevitra izahay fa tsy hanimba azy ny fanaovana fampisehoana eo amin’ny andro fety. Mangataka ny hijerena izay satria anisan’ny fitaizana koa ny fanaovana fampisehoana.

Mihevitra ny hiady amin’ny “pirate” izahay mpanakanto amin’izao fotoana izao ka ampio ireo olona tokony hiara-hiasa aminay mba hamongorana izany satria maty antoka raha mifofotra izahay kanefa ny sasany handray vonona fotsiny. Mila mandray fepetra hentitra ianareo raha tiana handroso ny kolotsaina eto amintsika.

22- Sekreteram-panjakana Miadidy ny Zandarimaria

Tsy ampy ny isan’ny Zandary manao ny asa, noho izany manjaka ny asan-dahalo. Misy koa amin’izy ireo no miara-miasa amin’ny jiolahy; inona no fepetra raisin’ny tomponandraikitra manoloana izany, fa tena mijaly ny vahoaka, indrindra amin’ireo toerana tsy ahitana “poste avancée”. Noho izany, ampitomboy ny isan’izany manerana an’i Madagasikara mba hampandry fahalemana mba ahafahan’ny tantsaha mamokatra.

Ampahafantarina ianareo, fa misy tany lasan’ny Zandary any amin’ny Distrika sasany, izy ireo no mamboly izany, ka lasa miteraka fifamaliana amin’ny Fokonolona tompon’ny tany izany, kanefa tsy afa-manotra izy ireo. Entina aminareo tomponandraikitra izany zava-misy izany mba hitondranareo vahaolana.

Azon’ny Zandary atao ve ny manao asan’ny patrôn’omby; izy no lasa lehiben’ny asa rehetra mikasika ny fivarotana omby any amin’ny Faritra Andrefana iny. Raha ny fijery azy, toa misy olona ambony miaro azy ka izay tiany atao no ataony. Fitarainana avy amin’ny vahoaka izany ka mila jerena haingana sao hiteraka korontana amin’ny vahoaka sy ny Zandary.

Maro ny olom-boafidy nangataka ny hananany Kaompania ho an’ny Zandary mba hampihenana ny asan-dahalo sy hampalaky ny fidirana an-tsehatra rehefa misy asan-dahalo miseho. Miangavy ny hamaliana izany haingana izy ireo satria mbola manjaka ny tsy fandriampahalemana any aminy.

Amin’ny resaka fotodrafitrasa, mitovy amin’ny fangatahana isaky ny Minisitara izany raha ho an’ny Zandary manokana, ankoatra ny tsy fahampian’ny olona sy ny firaisana tsikombakomba amin’ny jiolahy na ny dahalo.

23- Praminisitra, Lehiben’ny Governemanta

Tapaka ny «projet SEECALINE” amin’ny Distrika maro, inona no antony; tokony hitohy izany satria ahazoan’ny vahoaka tombotsoa ny fisiany, voatazona miasa ny olona fa tsy mandeha mirenireny sady mahazo izay ilainy isan’andro. Anisan’ny mampihena ny tsy fandriampahalemana ny fanohizana io tetikasa io.

Maro no mitaraina noho ny ataon'ny orinasa QMM ka mba jereo ny momba izay satria tsy mahazo tombotsoa mivantana ny vahoaka, fa zavatra ambinambiny ihany no anampenana ny masonry. Tsapa anefa fa mandroso sy manao fitrandrahana tsy amin'ny tokony ho izy io orinasa io. Mba valio ny hetahetan'ny vahoaka satria maharary azy izany matoa itarainany.

Avantana amin'ny Praiminisitra ny fangatahana momba ny fampitaovana ny Minisitera isan-tsokajiny any amin'ny Distrika, toy ny fiara ho an'ny mpitandrofilaminana, ny resaka fandriampahalemana, ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fananganana fotodrafitrasa sns... satria ianao no Lehiben'ny Governemanta sady hanatanteraka ny vinan'ny Filohampirenena. Maro izy ireo kanefa feon'ny vahoaka sy zava-misy izany ka entina aminareo mpanatanteraka.

Ahoana ny fampanantenana tamin'ireo tetikasa tamin'ny nahavoatendry ho Praiminisitra anao teo aloha, fa toa tsy hita tao anatin'ny "loi de finances" amin'io taona vaovao io izany.

Tokony hampidirina ho mpikambana ao anaty OMC koa ny Solombavambahoaka satria izy no mahalala voalohany ny zava-misy any Distrika nahavoafidy azy. Izany hoe, asiana fiaraha-miasa amin'ny mpitandrofilaminana sy ny olom-boatendry ary ny olom-boafidy

Ampirisihana ny fampiharana ny PGE nentina teto amin'ny Antenimierampirenena mba hisy fiantraikany amin'ny fianan'ny vahoaka Malagasy.

Nisy Solombavambahoaka nanolotra soso-kevitra ho an'ny Filohampirenena, tokony hitandrina ihany izy satria misy mpiara-miasa aminy mety hanimba azy amin'ny fanatanterahany ny asa fampandrosoana ny firenentsika.

Nisy nanamarika fa misy ny "fonds souverain" ao amin'ny Fiadidiana ny Filohan'ny Repoblika; misy koa ny "subvention" omena ny Kaominina; maninona raha omena ny Solombavambahoaka ny CLD mba hataony "fonds souverain" ihany koa satria betsaka ny fangahatan'ny vahoaka amin'ny fampandrosoana ilainy. Raha omena ny Solombavambahoaka io vola io, ho voavaha ny antsasaky ny olana iainan'ny vahoaka ary hanaovana "engagement" mihitsy ny fandraisana izany vola izany.

Mikasika ny fangatahana rehetra natao teto amin'ny fihaonana, iangaviana ny arofenitra ato amin'ny Antenimierampirenena, mba hanolotra izany amin'Andriamatoa Praiminisitra hahafahan'ny mpanatanteraka mandray azy amin'izay tsy hadino ny zavatra sasany mety maharary ny vahoakatsika.

Mankahery ny Governemanta amin'ny ezaka ataony ho fampandrosoana ny firenena na mbola maro aza ny adidy miandry, saika izay no firarian-tsoa natoan'ny ankabeazan'ny Solombavambahoaka tamin'ny famaranan'izy ireo ny fandraisany fitenenana.

Rehefa tapitra ny fanontaniana nataon'ny Solombavambahoaka dia nomen'Andriamatoa Filoha an'Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana mba hamaliany an'izany.

Namerina niarahaba ny Solombavambahoaka Andriamatoa Praiminisitra NTSAY Christian, satria efa Zoma 13 Desambra 2019 izao raha toa ny Alakamisy 12 Desambra 2019 no nanomboka ny fivoriana.

Ny teny voalohany atolotra, amin'ny maha Praiminisitra azy, hoy izy dia fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanontaniana, soso-kevitra ary tsikera izay natao. Izay no maha firenena mandala ny demokrasia antsika ary izay ihany koa no napetraky ny Lalàmpanorenana.

Raharaham-pirenena no ifampiresahana eto ary heverina fa zava-dehibe tokoa izany ka rariny tokoa ny fisian'izao fihaonana izao.

Maro ny fanontaniana napetraka ka hanome soso-kevitra aho hoy Andriamatoa Praiminisitra; mety fanontaniana ikambanana no itondrana fanazavana. Azontsika atao koa ny manome fitenenana ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta tsirairay mba ahafahana mamaly ireny fanontaniana napetraka ireny. Tsy fantatro izay mety amintsika na ny soso-kevitra voalohany na ny soso-kevitra faharoa.

Ny voalohany, misy fanampiny satria azo atao tsara ny mamaly an-taratasy ny fanontanina izay napetraka ho an'ny Minisitera tsirairay. Azo atao koa ny manampy izany fomba fiasa izany amin'ny alalan'ny fifankahitana mba ahafahana manome amin'ny antsipiriany izay tsy voalaza ao anaty taratasy.

Raha izay no hirosoantsika dia toy izao no hitondrana valin-teny avy amin'ny Governemanta. Efa nambara tamin'ny fihaonana farany, fa manomana ny "Plan d'Emergence pour Madagascar" isika. Io tetipivoarana io dia mitrondra antsika amin'izao fotoana izao ka hatramin'ny taona 2023. Andalam-pamolavolana io tetipivoarana io isika ankehitriny. Rehefa mipetraka izany tetipivoarana izany, io no paikady hanatanterahana ny programan'asa ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana izay niainga tamin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika nentiny tamin'ny vahoaka Malagasy ka nahalany azy.

Mety mahavaly amin'ny ankapobeny ny ahiahy na fanontaniana napetraka hoe: inona daholo no zavatra ataon'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao ary amin'ny fotoana inona sy toerana aiza no anatanterahana izany.

Ny antony iresahana izany dia tsotra: tao anatin'ny 11 volana izay, efa maro ny sahan'asa natomboka. Hitantsika sy tsapantsika izany. Izay rehetra nandray fitenenana teo dia nanambara sahady fa maro ireo vavan'asa izay efa natomboka teto amin'ny firenena. Ianareo ihany no nametra-panontaniana hoe: maninona any aminay mbola tsy misy manomboka. Io tetipivoarana io no hamaly anareo amin'izay fotoana izay satria hita ao ireo zava-bita sy izay mbola hatao. Amin'izay fotoana izay, afaka miteny ianareo, fa fanombohana ihany no ataontsika amin'izao fotoana izao. Hita amin'ny antsipiriany avy amin'io tetipivoarana io izay asa rehetra hataontsika eto amin'ny firenena. Ireo tetikasa rehetra voalaza teo ireo, ny vavan'asa rehetra izay efa natomboka ireo dia niainga avy amin'ny "réforme" maro. Anisan'ny "réforme" natao ny fametrahana ny rijan-teny fototra. Tsy maintsy atao izy ireny mba ahafahantsika mametraka tontolo iray hanatanterahana ny politika ankapobeny.

Ao anatin'izany koa, misy ny volavolan-dalàna nentina ary mbola ho entina eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Efa misy ny tonga taty ary nolaninareo satria raha tsy nanao an'ireny "réforme" ireny isika, tsy ho velona ireny tetikasa ireny satria ny tontolo anosehantsika ny fampandrosoana ny firenena dia mila tontolo "favorable". Ohatra vitsy no horesahina amin'izany fanavaozana izany, ny fanajariana ny tany, ny lalàna mifehy ny asa any amin'ny banky. Efa voalaza teo ny fanavaozana hapetraka mikasika ny "code minier", ny "industrialisation", ny "agriculture biologique" sns... Natao ireny fanavaozana ireny satria ny firenena tsy manao an'izany dia mihemotra. Takian'izao vanin'andro izao ny fomba fijery vaovao ary tsy maintsy atao daholo izy ireny. Misy ny nandalo taty aminareo ary misy ny atao rijan-teny; ohatra, ny didim-panjakana na ny didim-pitondrana no ahafahana manao ireny fanavaozana ireny. Tiana ny manamafy an'izay satria matetika tsy hita mivaingana izy ireny kanefa tsy maintsy tanterahina eto amin'ny firenena.

Ny faharoa tiana ambara dia efa natomboka ny asa ary matokia ahy ianareo, fa tsy maintsy tanterahin'ny Governemanta ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika. Ny lalana ahafahantsika miroso amin'izany dia ny tetipivoarana.

Tsara apetraka kosa, mba hisian'ny fifampitokisana eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta, izay efa voalaza tao anaty Politika Ankapoben'ny Fanjakana ny zavatra atao amin'ny ankapobeny. Ilaina tokoa ny fifampiresahana toy izao mba ahafahana mijery ny zavatra efa natomboka sy ny zavatra efa vita. Koa mino sy manantena aho amin'izay fotoana napetraky ny Lalàmpanorenana sy lalàna velona eto amin'ny firenena ny hijery ny firoson'ny asa.

Anisan'ny zavatra niverina matetika tamin'ny resaka nataonareo ny mikasika ny fandriampahalemana.

Raha tonga teo amin'ny fitondrana ny Filohan'ny Repoblika dia namaritra fa laharam-pahamehana ny famerenana ny fandriampahalemana. Hitantsika fa fomba fijery vaovao no napetraka amin'izany famerenana ny fandriampahalemana izany ary hatao ao anaty fotoana fohy. Tsy azontsika tsinontsiniavina ny fanontaniana hoe: avy aiza isika ary ho aiza. Ny fomba ahafahantsika mahafantatra hoe avy aiza isika dia tsotra: hojerentsika ny sary tany mikasika ny tsy fisian'ny fandriampahalemana, na apetratsika isaky ny Distrika na Kaominina na Fokontany izany. Tsy nentina teto izay satria tsy nieritreritra hanao "projection" isika, fa raha jerena ny Kaominina, ny Distrika, ny Faritra nisy teto amintsika tamin'ny niandohan'izao fitondram-panjakana izao sy amintsika miteny izao, afaka milaza aminareo ny Governemanta fa maro ny ezaka tamin'ny famerenana ny fandriampahalemana ary nitondra vokatsoa izany. Ohatra vitsy no horaisina mikasika izany: isaky ny herinandro dia misy "kidnapping" teto Antananarivo. Apetrako aminareo ny fanontaniana, oviana no nisy "kidnapping" farany teto Antananarivo. Ianareo ihany no avela hamaly izany. Raha tonga tamin'izao fitondrana izao izahay, maro ny faritra mena toy ny tao Atsimo Andrefana, tany Tsaratanana, tao Ambato Boeny, tao Maevatanana. Apetraka aminareo ny fanontaniana, aiza isika amin'izao raha izany no jerena. Tsy miteny ny Governemanta fa milamina ny tany; mbola maro ny ezaka tokony hataontsika. Miaraka manaiky isika fa ny ezaka rehetra niarahantsika nanao tamin'ny sehatra sy ambaratonga maro dia niteraka vokatra tsara. Vokatra ho an'ny vahoaka Malagasy izany, fa tsy ho an'ny Governemanta. Ny zavatra andrasana amintsika dia ny hanatevina ny ezaka efa natao mba ahazoantsika vokatra tsara kokoa. Nataontsika ny fampitaovana ary nanao "réforme" ihany koa isika mikasika izany.

Marina daholo ireo zavatra rehetra voalazanareo teo ireo saingy ny “capacité de riposte” avy aty amin’ny Governemanta, miara-manaiky isika fa misy an’izany ary ny fifamenoana eo amintsika dia manampy amin’ny ady amin’ny tsy filaminana. Tohizana ny ady mikasika izany ary maro amin’izao fotoana izao ny fampiasana sy fampiharana ny “Dina” satria rehefa “homologuer”-na ny “Dina”, mendrika ho lalàna izany ary ny fitaovana rehetra ampiasain’ny mpitandrofilaminana tokony hiteraka vokatro. Ekena fa maro ireo mpitandrofilaminana no manao ny tsy mety saingy miara-manaiky isika fa noho ny ezaka izay natao, maro izy ireo no efa tonga saina ary manao tsara ny asany. Toy izay koa ny fitavozavozan’ny asa teo anivon’ny OMC izay iaraha-mahalala, fa ny “Chef de District” na ny “chef de Région” no mitarika izany. Rafitra efa ela teto amintsika ny OMC saingy amin’izao fotoana izao, averina ahetsika indray izy io.

Ekena fa betsaka ny ezaka andrasana amin’ny fitsarana satria izany fandriampahalemana izany dia miankina amin’ny fahafahan’ny fitsarana tena hitsara amin’ny rariny mba ho tombotsoan’ny rehetra. Miara-manaiky isika fa mbola takian’ny firenena ny fanatsarana ny asan’ny fitsarana eto amintsika. Maro ny ezaka efa natao ary maro ny zavatra nodinihina mikasika izany saingy, aza hadinoina ny voalazako teo hoe: avy aiza isika ary ho aiza.

Mahavelom-bolo raha ny zotra arahantsika amin’izao fotoana izao satria tonga saina tsikelikely ny vahoaka ary manomboka mipetraka ny “autorité de l’Etat”. Mipetraka izany tany misy fanjakana mahefa izany eto amin’ny firenena. Tsy ny Governemanta irery no nahatonga izany, fa isika rehetra ary isaorana anareo izany.

Maro ny fifamenoana eo amintsika sy ny fifanomezantsika tàmàna satria firenena iombonana ity ary isika rehetra tsy manana tanjona afa-tsy ny handrosoan’ity firenena ity.

Ny tiana ambara ao anatin’izay rehetra izay, ny resaka halatr’omby izay itovizana eran’i Madagasikara. Hita fa nironkatra tokoa ny halatr’omby rehefa nandray izao fitondrana izao isika. Ohatra iray no horaisiko, isaky ny alina aho dia mahazo antso avy any Amoron’i Mania hoe misy halatr’omby aman-jatony. Toy izay koa avy any amin’ny Faritra Melaky; na teo aza ny ezaka natao, mbola misy ny halatr’omby. Miara-manaiky an’izany isika saingy ny omby halatra, efa maro no niverina amin’ny tompony satria manao ny asany ny mpitandrofilaminana. Tsapantsika izany satria tsy nahazo vokatra toy izao raha tsy nisy ny asa mankadiry izay nataon’ny mpitandrofilaminana. Mbola misy ireo mpiray petsapetsa amin’ny ratsy, na Zandary izany na Miaramila na ny mpitondra fanjakana na ny fitsarana. Izay no antony mahatonga antsika, amin’izao fotoana izao, manentana ny tomponandraikitra rehetra, mba ho tonga saina satria raha tsy nisy izay fiarahantsika nientana izay, ho sahirana isika. Izay no nahatonga anay ato amin’ny Governemanta, rehefa misy “fait précis” toy izany, tsy miala andraikitra izahay ary nandray andraikitra hatrany. Matetika anefa ary izay no ilàna ny fiaraha-miasa avy amintsika, mba omeo “exemple concret” izahay. Ilazao “fait précis” izahay mikasika izay zavatra tianareo horeshahina, fa sahy mandray andraikitra izao fitondrana izao.

Tsy hiteny afa-tsy ireo nosy manodidina ireo aho; tsy hiteny afa-tsy ireo ady atao amin’ny orinasa nampanahirana sy namono ny JIRAMA koa. Tsy hiteny afa-tsy ny solika izay efa niaraha-nahalala sns... Anisan’ny seha-pihariana izay atao hoe sarotra tokoa ny fifampiresahana amin’izy ireny. Ny fitondram-panjakana amin’izao dia vonona hijery hatramin’ny farany kely ny zavatra maharary ny vahoaka Malagasy.

Izay tanjona iombonana izay no mba iangaviana hametrahantsika lalan-tsaina vaovao ahafahana miara-miasa mba hisy tombotsoa haingana ho an'ny firenena.

Mikasika ny FIB manokana, tsotra ny valin-teninay; tsy maintsy misy ny fifampidinihana amin'ny tompandraikitra rehetra. Manamafy aho, fa tsy maintsy tokana ny saran'ny FIB ary vidiny tokana ho an'ny bokin'omby. Efa manatanteraka izany ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Ataoko fa ao anaty fotoana fohy, hitovy izany eran'i Madagasikara. Ny vahoaka Malagasy mahalala fa ny FIB any amin'ny toerana iray dia samihafa. Toy izany koa ny isan'ny bokin'omby takiana na ny saran'ny bokin'omby iray. Manamafy aho anio, fa ao anaty fotoana fohy no hanatanterahana izany satria efa mamaramparana ny fandinihana izany izahay. Matoa tsy vita tao anatin'ny fotoana lava izany dia nisy antony. Rehefa misy ny finiavana, mahavita zavatra maro isika.

Heno ny teninareo mikasika teboka vitsivitsy teo, tao anatin'izany ny rano.

Olana tokoa ny rano teto amin'ny firenena ary mbola olana amin'izao fotoana izao. Tsy vao izao no nisy ny olana mikasika ny rano. Raha maka ohatra vitsivitsy isika, ahitana olana momba ny rano eran'i Madagasikara. Vitsy ihany ny Kaominina na Distrika tsy manana olana amin'izany. Ny antony, tsy nanao ezaka isika tao anatin'ny fotoana maro ary noheverintsika fa mbola mety foana teo aloha kanefa ny isan'ny mponina efa mihoatra ny 25 tapitrisa, ka tsy maintsy nijery vahaolana haingana ny Praiminisitra.

Mikasika an'Antananarivo manokana, efa nambara matetika fa tsy latsaky ny "300 000 mètre cube par jour" ny filàna eto Antananarivo kanefa ny rano vokarintsika latsaky ny "200 000 mètre cube par jour". Izany hoe, misy elanelany "100 000 mètre cube par jour". Tamin'ny taona 1945 no nisian'ny tetikasa goavana teto Antananarivo mikasika ny rano. Taorian'izay, efa 60 taona mihoatra, tsy nanao asa goavana isika. Ohatra izao, ao Mandroseza, "centrale" iray ihany no hita ao ary mbola io ihany no ampiasaintsika. Amin'izao fotoana izao, manangana "stations satellites" miisa 5 eto Antananarivo isika. Atao vonjy rano vaky ireo "stations" ireo satria ny "station" iray mahazaka rano "2 400 mètre cube par jour"; raha izy 5 dia eo amin'ny "10 000 mètre cube par jour" eo raha oharina amin'ny "100 000 mètre cube" ny filana. Efa mijery ny fanaovana "forage en eau souterraine" isika amin'izao mba hanatanterahana izany ary mahatratra hatrany amin'ny 150 metatra ambanin'ny tany izay satria misy "reservoir d'eau" eto amintsika. Mety hahatratra "200 mètre cube par heure" ireny ary raha vita izany rehetra izany, mety hahatratra any amin'ny "50 000 mètre cube" isan'andro no sisa tavela.

Efa manao fanadihadihana ihany koa isika amin'izao fotoana izao amin'ny fomba hitondrana rano avy amin'ny toerana tsy lavitra loatra an'Antananarivo mba ahafahantsika manangana "centrale" vaovao. Ny fanaovana ny "centrale" faharoa ao Mandroseza no tena maika ary ahitantsika vahaolana malaky satria mety mahatratra any amin'ny "40 000 mètre cube". Izany hoe, mahafeno ny filàna eto Antananarivo. Aza hadinoina fa rehefa misy ny rano, miakatra koa ny filàna ary tsy maintsy mijery sahady isika amin'izay fomba hamahana ny olana ampitso sy ny afak'ampitso. Izay no mahatonga antsika manana tetikasa goavana mikasika ny "Tanà water free" eto Antananarivo ary iarahana amin'ireo mpiaramiombon'antoka. Efa vonona izy ireo hanampy antsika amin'ny fanatanterahana izany. Eto Madagasikara, mitondra vahaolana mikasika an'io tsy fahampian-drano io isika.

Hitantsika izao ao Natratraka any Mahajanga, tany Antsiranana, tany Fianarantsoa sns... Tsy vitan'ny any amin'ny renivohi-paritany ihany, fa ny renivohitry ny Faritra rehetra no tsy maintsy ijerena vahaolana. Ny tanjona, tsy hanana olana mikasika rano intsony ny Distrika rehetra eto Madagasikara ary efa mitondra vahaolana amin'izany isika amin'izao.

Mikasika ny Jiro, iarahana mahalala ny olana goavana mikasika ny JIRAMA. Rehefa tonga teto isika, 1 000 Miliara Ariary ny trosan'ny JIRAMA. Izany 1 000 miliara izany dia trosa takian'ireo mpampanofa "groupe" izay ampiasain'ny JIRAMA. Raha jerena ny "capacité installée" amin'ireny "groupe" ireny ary raha oharina amin'ny filàna dia ambony lavitra. Rehefa natao ny "évaluation"-n'ny vola izay aloan'ny JIRAMA amin'ny tsy tokony ho izy dia mitentina "50 à 55 Millions de Dollars" isam-bolana kanefa aloany. Izay no zavatra novantanina ary izay no zavatra ahitsy. Aoka ho fantatry ny vahoaka Malagasy ny zava-misy ao amin'ny JIRAMA. Mitaky amin'ireo mpampanofa "groupe" ireo isika amin'izao mba ny hanovàna ny fifanarahana satria tsy afaka manaiky ny famotehana ny JIRAMA isika.

Raha manao "investissement" ny olona iray, ao anatin'ny 3 na 4 taona vao miverina ny vola nampiasainy kanefa ny olona nanao "investissement" tao amin'ny JIRAMA", tao anatin'ny 5 volana, efa niverina ny volany. Midika izany, fa maro loatra ny fomba fitantanana tsy nety tao amin'ny JIRAMA ary tsy maintsy ahitsy izany amin'izao fotoana izao. Tsy ao anatin'ny 15 volana no ahafahantsika manitsy izany na mamerina izany 1 000 Miliara Ariary izany. Vola avy aiza no ahafahana mamerina izany satria ny tanjontsika dia ny hamerina ny JIRAMA amin'ny laoniny. Tsy azo vonoina ny JIRAMA satria raha mamono azy isika, mitovy amin'ny mamono tena ihany. Nisafidy isika fa hamelona ny JIRAMA ary velomina mba haharitra fa tsy atao kitoatoa.

Izay no zavatra atao amin'izao fotoana izao ary takiana ny fanitsiana ny fitondrana sy ny fitantanana ao amin'ny JIRAMA. Sarotra tokoa raha ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika izany satria mila ekipa mitovy saina amin'ny mpitondra ny eo anivon'ny JIRAMA. Tsara ho fantatry ny Malagasy izay ary rariny raha mifampizara izany aminareo Solombavambahoaka aho.

Amin'ny ankapobeny, efa voalaza teo ny mikasika ny lalana. Apetrako foana ny fanontaniana hoe: avy aiza isika ary ho aiza. Ohatra iray teto Antananarivo no horaisiko, mandainga izay olona tsy mahita fiovàna eto Antananarivo. Namboarina ny lalana ary namboarina amin'ny tokony ho izy. Tiako ny manitsy, fa ny vola nampiasaina tamin'izany, satria maro no milaza fa vola efa tamin'ny "négociation" niarahana tamin'ny fitondrana teo aloha ireny. Tsy marina izany; misy volam-panjakana natokana hanaovana lalana, fa tsy voatery avy amin'ny mpamatsy vola hatrany. Misy ny vola avy amin'ireo mpamatsy vola ary misy ny volan'ny fanjakana madiodio. Volam-bahoaka no nampiasaina teto Antananarivo. Toy izany ihany koa ny anaovana ny lalam-pirenena izay voalaza teo; ny RN44 avy ao Moramanga mankany Ambatondrazaka; volan'ny Malagasy manokana no nanaovana ireny lalana ireny.

Rehefa nahita izany fahavononantsika izany ny banky iraisam-pirenena, nanaiky ny hanampy antsika izy ireo. Tamin'iny herinandro lasa iny no nanaovana ny sonia mikasika ny fifanarahana ary ho entina eto aminareo izany mba hahazoana fankatoavana. Efa vita ny "négociation" rehetra. Lalina tokoa ny "négocition" mikasika izany, fa tsy nataotao fotsiny. Tsootra ny antony, tokony ho fantatsika ny zava-nisy teto amin'ity firenentsika ity. Raha vola nindramina no nanaovana lalana, any amin'ny 53 taona any ny famerenana ireny vola ireny. Rehefa manao lalana anefa isika, ao anaty 5 taona na 10 taona dia efa simba sahady. Izany hoe, mbola tsy tafaverina akory ny vola dia efa simba ny lalana ka lasa boka-trosa isika.

Raha nindram-bola indray mandeha isika, anamboarana lalana indray mandeha; izay foana no zava-nisy teto ka hanao “réforme” isika, tsy ekentsika ny fiverimberenen’ny “contrat” toy izany. Raha 25 taona no faharetan’ny lalana, tokony 25 taona no hamerenana ny vola. Izany hoe, takiana amin’ny orinasa mpanao lalana ny kalitao tsara, ka rehefa simba ny lalana, mbola izy ihany no miandraikitra ny fanamboarana azy satria lasa ataony kitoatoa izany raha tsy izy ihany no mikarakara azy avy eo. Rehefa takiana aminy hoe afaka 10 taona, tsy maintsy mamerina manao an’io lalana io raha misy ny fahasimbana. Mieritreritra ihany izy amin’izay fotoana izay mba hanao ny asany tsara.

Apetratsika amin’izao fotoana izao ny lalan-tsaina vaovao, ka atao hifandrindra ny faharetan’ny lalana sy ny fotoana amerenam-bola rehefa hindram-bola isika. Raha tsy izany, mamotika ny firenena. Izay no asan’ny Governemanta amin’izao fotoana izao, ka mahatonga antsika hifandinika amin’ireo mpiara-miombon’antoka.

Voalaza teo ihany koa fa manimba lalana ny “camion”, fa tokony ny lalamby no hovelomina. Efa manao izany isika na Antananarivo Côte-Est na Fianarantsoa Côte-Est.

Nisy findramam-bola natao mikasika izany. Mahatratra 250 km ny lalamby amboarina amin’izao fotoana izao na ny TCE izany na ny FCE. Ny nahatonga antsika nandray ho laharam-pahamehana ny fanamboarana ny lalamby dia 20 km/h no hafainganam-pandehan’ireny “locomotive” ireny satria efa simba loatra ny lalamby ampiasaintsika. Izay ihany koa no mahatonga antsika sahirana mampiakatra solika. Maro koa ny tanàna izay tsy misy lalana ankoatran’ny lalamby, toy ny mivoaka any atsinana raha miala eto Antananarivo. Izay no antony nametrahana hoe 200km ny atao any amin’ny TCE ary 50km any amin’ny FCE. Hanomboka tsy ho ela izany. Ny tanjona amin’izany dia ny hahafahan’ny lamasinina mandeha hatramin’ny 50km/h mba hampalaky sy hampisy kalitao tsara ny fitaterana andalam-by.

Mikasika ny lamasinina, efa novidina ny lohan’ny lamasinina ho an’i Fianarantsoa Côte-Est. Tany Espana no nividianana azy. Efa miomana hitondra azy isika amin’izao satria tsy maintsy ravaina aloha izy vao azo entina ary averina atambatra avy eo. Rehefa tonga eto izy hitantsika satria zavatra tsy afenina izany lamasinina nampanantenaina ho an’ny FCE izany. Efa manamboatra lalana isika amin’izao; any Sahasinaka izao ohatra iray, tsy hikatonana io satria ny tanjona dia hamboarina ny ankilany amin’ny toerana hanombohan’ny asa. Hisy “déviation” kely ny lalana amin’izay fotoana izay, ka afaka manohy ny asa fa tsy misy hoe tapahana tanteraka izany ny lalamby.

Mikasika ny “réforme” apetraka amin’izao fotoana izao, anisany ny “lettre politique” mikasika ny fitsinjaram-pahefana. Hametraka lalàna vaovao isika momba ny fitsinjaram-pahefana. Raha nametraka ny fanjakana fa tokony ho Governora no ilazana ny Lehiben’ny Faritra, tsy hoe fitiavana hanova fotsiny, fa foto-pisainana vaovao mba hahitana hoe vonona ve isika eto Madagasikara hiditra ao anaty pejy vaovao momba izany fitsinjaram-pahefana izany. Maro ny tsikera fa ny fototra tiana hapetraka dia hanokatra pejy vaovao ve isika mikasika ny fitsinjaram-pahefana sa tsia. Ny lalan-kevitra mitondra antsika amin’izany dia miisa telo.

Voalohany, ahoana no ahafahantsika hamindra fahefana ary fahefana inona no hafindrantsika any amin’ny Faritra.

Faharoa, raha misy fahefana afindra any amin’ny Faritra; izany hoe, raha misy fanapahan-kevitra tokony hraisina any dia tsy hiandry ny fanjakana foibe intsony. Ahoana no ahafahana manatanteraka izany.

Amin'ny alalan'ny zavatra roa no hanatanterahana izany:

- Aiza ny tetibola homena ny Faritra.

- Inona no fitaovana homena ny Faritra mba ahafahany manatanteraka ny asa fampandrosoana any aminy.

Izay lalan-kevitra izay no hitondrana politika vaovao momba ny fitsinjaram-pahefana. Efa mipetraka amin'izany ny dingana ahafahana miroso. Tsotra ny dingana arahina; tsy maintsy mametraka lalan-tsaina sy lalàna mifehy ny fiainantsika isika. Raha nilaza ianareo teo hoe ilaina ny tetezana amin'ny toerana toy izao, tokony hamboarina ny lalana amin'ny toerana ohatran'izao na amboarina ny tsena amin'ny toerana toy izao. Mila fanapahan-kevitra haingana izany rehetra izany ary mila tomponandraikitra manam-pahefana hanapakevitra any an-toerana sady manatanteraka izay zavatra notapahina.

Inona no mahatonga ny Solombavambahoaka diso fanantenana matetika. Milaza izy ireo, fa efa noresahina tamin'ny taona lasa izany kanefa mbola miverina amin'ity taona ity, mbola hiverina koa amin'ny taona ho avy. Tsotra ny antony, tsy hitan'ny fitondrana foibe ny olana madinika any an-toerana. Izay no mahatonga hoe homena fahefana ireny tomponandraikitra any amin'ny Faritra ireny. Izany hoe, ny Governora, mba ahafahan'izy ireo handray fanapahan-kevitra. Izy ireo no mijery hoe ireto no lalana hampandroso ara-toekarena na fizahan-tany, ka ilaina ny fanamboarana azy. Izay no nahatonga antsika nanapakevitra tamin'ny "Loi de Finances Rectificative" tamin'ny taona lasa hoe nanome 1 Miliara Ariary tamin'ity taona ity. Isika izao tonga dia nanome 5 Miliara Ariary ao anatin'ny LFI 2020. Manamafy amintsika aho, fa tsy hihemotra io fitsinjaram-pahefana io. Amin'izay fotoana izay, lalana "pavé" no hatao sady hanao tsena isika. Hiroso haingana ny fampandrosoana ny firenena. Raha isaky ny Faritra no omena tanjona hoe: tsy maintsy mahavita lalana "pavé 50km" ianareo; 22 no isan'ny Faritra. Izany hoe 1 100km no lalana tokony ho vita ao anatin'ny iray taona. Raha angatahana amin'ny fanjakana foibe ny hitantana izany asa rehetra any amin'ny Faritra izany, ho fantany ve hoe aiza no tena tokony ho izy; vitany ve hitantana ny "maîtrise d'ouvrage" toy ny fanaovana ny "appel d'offres". Tsy ho vitany izany fa rehefa omena ny fitsinjaram-pahefana, omena fitaovana, omena tetibola; minoa ahy ianareo fa rehefa tsara ny fitantanana sy fanaraha-maso ary ampiana fahaiza-manao any amin'ny Faritra, hiroso haingana isika. Izay no lalan-tsaina tiana apetraka amin'izao fotoana izao, mba ahafahana mamaha ny olana madinika rehetra izay misy, fa anjaran'ny fitondrana foibe no mitondra sy manao ny fotodrafitrasa goavana. Ifampizarana ny fahefana, ny fitaovana ary ny tetibola. Tiana hamafisina izay ary vahaolana "structurante" no entintsika mba ahafahana miroso haingana amin'ny fampandrosoana ny faritra rehetra eto Madagasikara.

Voalaza teo koa ny mikasika ny filàna, indrindra ny "recrutement" na fandraisana ho mpiasam-panjakana.

Raha jerena ny sehatra rehetra, izao no fomba fijerin'ny olona: raha jerena ny tetibolam-panjakana, mihoatra ny 30%-n'ny tetibolam-panjakana no karaman'ny mpiasam-panjakana. Rehefa natao ny fampitahana tamin'ny firenena maro, tsy tokony hihoatra ny 25% izany. Raha apetraka ny fanontaniana mikasika io tarehimarika io, mihoatra ny ilaina izany no eto Madagasikara. Rehefa nihaino teo aho, tsy ampy ny isan'ny mpiasam-panjakana. Misy olana izany ao ambadika ao. Mivangongo amin'ny toerana vitsy ny mpiasam-panjakana. Amin'ny sehatra rehetra no tiana lazaina amin'izany. Rehefa mandray mpampianatra, iray alina no raisina ary fantatra avokoa hoe aiza avy no toerana mila azy ireo.

Afaka iray taona anefa, mangataka fifindran-toerana izy rehetra, manatona tanàn-dehibe; miala tamin'ny toerana tokony hisy azy. Toy izany koa ny Dokotera sy ny “paramédicaux”; rehefa tenenina hoe ireto no toerana hanaovana fifindran-toerana, manaiky izy ireo kanefa rehefa tonga any, mipetraka herin-taona dia mangataka izany noho ny antony samihafa. Ohatra amin'izany koa ny Zandary sy ny Polisy, ka izay no mahatonga antsika hanao ny “réforme”. Raha mbola izay foana ny fomba fitantanana ny raharaham-pirenena, matokia ahy ianareo, fa na firy na firy ny mpiasam-panjakana horaisina, tsy hovoavaha ny olana. Isika ihany no mahita fa misy “bloc opératoire” tsy misy Dokotera. Rehefa jerena anefa nisy Dokotera ve tao tamin'ny voalohany, hita fa nisy tokoa saingy efa nifindra toerana. Jerena koa hoe nisy mpampianatra ve teto taloha, mamaly ny olona fa nisy saingy efa nifindra toerana. Izay no mahatonga ny fanaovana “réforme” amin'ny fitantanana ny asam-panjakana ary ametrahantsika fe-potoana izany. Ohatra hoe, ao anatin'ny 5 taona, rehefa “affecté” ny olona iray, tsy afaka mifindra na inona na inona fangatahany, raha tsy ny fisian'ny fandriampahalemana no mahatonga ny olona miala amin'ny toerana iray. Haverina izay fandriampahalemana izay.

Raha misy sekoly tsy mamaly ny hetahetan'ny mpampianatra amin'ny toerana iray, manamboatra sekoly isika, fa tsy ny mpiasam-panjakana efa hita fa mandany volabe no omena rariny. Izay no hatao amin'izao fotoana izao fa rehefa handray mpiasam-panjakana, tena hiasa any amin'ny toerana ilàna azy izy ary amin'ny fotoana maharitra.

Mikasika ny tsy fananan'asa. Olana mianjady amin'ny vahoaka Malagasy izany, indrindra ny tanora. Efa mijery lalana maro ny fitondram-panjakana. Matoa napetraka ny tetikasa fihariana dia ny ahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'ny fandraharana na kely izany na salantsalany. Tsy hijanona amin'izany anefa, fa matoa namboarina ny fotodrafitrasa dia ny ahafahan'ny tanora hiasa. Tsotra ny tanjona, manomboka any avaratra, mianatsimo, miankandrefana ary miantsinanana; izany hoe amin'ny toerana rehetra eto Madagasikara, hasiana “chantier” daholo, ka hisy asa fanorenana fotodrafitrasa. Amin'izay, hisy asa; hianatra asa ny tanora raha toa tsy manana asa. Afaka manao asa madinidinika toy ny mpandrafitra, na manao “apprentie” amin'ny fandrafetana sns... Izany hoe, afaka mianatra asa ny tanora Malagasy satria hamorona asa isika. Ireny fanaovana “investissement public” ireny dia fomba fanomezana asa ho an'ny tanora. Tsy izay ihany, fa tsena omena ireny orinasa ireny izany. Midika izany, fa ny harin-karena mihitsy no hampiakarina amin'ny alalan'ireo orinasa manao ny asa. Hampiakarana ny fahefa-mividin'ny vahoaka Malagasy no tanjona satria miteraka asa ireny fotodrafitrasa amboarina ireny. Ny asa kosa miteraka fampidiram-bola ho an'ny vahoaka.

Izay no tanjona amin'ny fametrahana ho laharam-pahamehana amin'ireo fotodrafitrasa ireo mba ahafahana mampivoatra ny firenena.

Ao ambadik'izay tanjona izay koa no ijerena ny toekarena sy ny sosialim-bahoaka. Efa mitady ny tetika hanatanterahana izany ny fitondram-panjakana mba hisian'ny “plan social” goavana eto amin'ny firenena. Hifototra kokoa amin'ireo olona tsy tafiditra ao anatin'ny “segment” tsy misitraka an'ireny programan'asa ireny io “plan social” io. Efa manomboka izany amin'ny alalan'ny asa tagnamaro izay tena mampidi-bola tokoa, fa tsy noho ny fanarahana ny soa toavina Malagasy ihany. Mampidi-bola ho an'ny tsirairay io asa tagnamaro io; ny tanora no tena voakasik'izany.

Efa miaraka amin'ny "organisme rattaché" vitsivitsy amin'ny fanatanterahana io "plan social" io; ka ireo tsy tafiditra amin'ny fandraharahana voalaza teo aloha na ny kely indrindra aza dia afaka misitraka izany amin'ny alalan'ny asa tagnamaro. Tsy misy "qualification" tena ilaina ny asa tagnamaro. Tsara ifampizarana aminareo Solombavambahoaka izany tanjona izany.

Voalaza teo ny resaka indostria. Anisan'ny velirano nataon'ny Filohan'ny Repoblika ny hananganana indostria. Amin'izao, efa mametraka ny "zone d'émergence industrielle" izahay. Raha tsy mametraka izany aty amboalohany isika, tsy ho fantatra izany toerana ampiasan'ny Malagasy na vahiny vola rehefa hampivoatra ny indostria isika. Ohatra, aiza no hametrahana ireo olona hiditra amin'ny fambolena. Izany no ametrana fanontaniana hoe: ahoana ny mikasika ny "aire protégée". Potika ireny valan-javabohary ireny satria tsy nametraka an'izay fomba fijery izay isika. Hapetraka izany amin'izao fotoana izao mba ahafahana mijery ireo toerana mety hanaovana fotodrafitrasa na hananganana indostria; na mikasika fambolena izany na fiompiana.

Tsy afenina fa tsy mora izany satria tsy zatra izany isika, ka ny "réforme" ataontsika amin'izao no irosoa tsikelikely amin'izay. Ao anatin'izany no hametrahana ny tanàna vaovao. Nisafidy ny hanova isika, ao anatin'ny "réforme" voalaza teo ny "aménagement du territoire", mba ahafahana miroso amin'ny fametrahana ny "zone d'émergence" na indostria io na fambolena.

Voateny koa ny resaka seranam-piaramanidina. Maro ny seranam-piaramanidina niasa teo aloha. Nihena tsikelikely izany; misy aza no nikatona mihitsy. Tsotra ny fomba fijerin'ny fitondram-panjakana amin'izao; aoka tsy hatao toy ny nanaovana ny seranam-piaramanidina teto Antananarivo sy Nosy Be ny seranam-piaramanidina hafa. Anisan'ny seranam-piaramanidina tena "rentable" teto Madagasikara ireo kanefa namidy ny fitantanana azy. Ny olana, ahoana ny amin'ireo seranam-piaramanidina hafa tsy manana "niveau de rentabilité" mitovy amin'i Nosy Be sy Antananarivo. Raha ny tokony ho izy, hatao tao anaty "lot" iray ny seranam-piaramanidina tena mandeha sy mitsilopilopy. Amin'izay fotoana izay, afaka takiana amin'ireo mpitantana ny seranam-piaramanidina tena mandeha ny fikarakarana ny hafa. Izay no lalan-kevitra vaovao napetraka. Seranam-piaramanidina miisa 11 amin'izao no hovelomina. Tsy ao anatin'ny Antananarivo sy Nosy Be. Hapetraka "par lot" ireo satria misy ireo tena mandeha; misy ny mitsilopilopy. Amin'izay fotoana izay, rehefa mandray ny seranam-piaramanidina ny hitantana azy, manana "obligation" hitrandraka ny efa mandeha sy hamelona izay efa maty izy ireo. Izay ny "réforme" ataontsika amin'izao fotoana izao. Mino aho fa hitanareo ny "appel à manifestation d'intérêt" nalefa momba ireo seranam-piaramanidina miisa 11 ireo satria efa ho roa volana izay. Ao anatin'izany any Sambava, Mananjary, Fort-Dauphin, Toliara, Morondava, Mahajanga, Antsiranana. Tsy tokony hanao fahadisoana toy ny taloha intsony isika, fa tsy mampivoatra ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara izany. Noeritreretina fa amin'ny enim-bolana voalohany amin'ny taona 2020 dia tokony efa ho hita ireo handray an-tànana ireo seranam-piaramanidina 11 voalaza teo ireo.

Any Atsimo no hamaranana azy. Tany Atsimo no toerana nalehan'ny Filohan'ny Repoblika voalohany raha nandray fahefana izy. Tsotra ny antony, tsy afaka ny hanaiky isika fa misy ampahany amin'ny Malagasy miaina ao anaty fahasahiranana tsy azo eritreretina amin'izao vanin'andro izao. Izay no iainan'ny mponina any. Fanapahan-kevitra politika no antony nanaovana "stratégie intégrée pour le développement du grand sud".

Matetika atao safobe mantsina foana ny atsimo, fa any Androy no tiana ambara manokana. Anisan'ny Faritra tara any Androy raha oharina amin'ny toerana hafa. Nolazaina fa hisy "table ronde des bailleurs de fonds" hatao any an-toerana. Efa manentana ny mpiaramiombon'antoka rehetra ny fitondram-panjakana amin'izao; tsy hanao fanampiana «humanitaire» fotsiny fa hitondra tetikasa ao anaty lalan-tsaina vaovao amin'ny fampandrosoana tena izy isika; na amin'ny lafiny fotodrafitrasa izany na amin'ny lafiny toekarena. Tsy amin'ny lafiny «pipeline» fotsiny no eritreretina, fa mila mitondra rano koa isika ahafahana mamelona ny asa momba ny toekarena any Atsimo. Efa maro ireo mpiaramiombon'antoka amintsika manomana tetikasa «multisectorielle» goavana mba hanovana ny endrika any Atsimo. Tsy ho ela izany satria efa manomana «table ronde» isika amin'izao ary handray anjara amin'izany ny Solombavambahoaka amin'ny fitantanana ny asa hatao sy ny tetika hampandrosoana ny any Atsimo.

Farany, mikasika ny kianja manara-penitra. Ny fomba fijerin'ny Filohan'ny Repoblika ary manatanteraka izany ny Governemanta; hatomboka ny asa ary efa hitanareo ny tany Toamasina, Antsiranana ary Morondava satria tsy notohizana tao anaty fotoana maharitra izy ireo. Tokony hanana kianja avokoa ny Distrika rehetra eto amintsika; toy izany koa ny hopitaly CHRD na CHD izay hopitaly manara-penitra. Ny tetipivoarana no ahitana izany. Mba hampitovy lenta ny Faritra sy ny Distrika rehetra no tanjona. Efa manomboka isika ary aza manahy ianareo hoe voasazy raha mbola tsy tonga any aminareo izany; tsia Tompoko. Tsy mieritreritra ny hanasazy Faritra na Distrika ny fitondrana amin'izao satria toy ny fanasaziana vahoaka izany.

Ny Vahoaka Malagasy no nifidy ny Filohampirenena; noho izany, Raiamandrenin'ny vahoaka Malagasy rehetra izy. Ho an'ireo tanjona rehetra voalaza teo ireo, hisitraka an'izany avokoa ny Faritra sy Distrika rehetra eto Madagasikara. Fotoana fanombohana ihany izao, fa ho hitanareo miandalana eny ihany ny fomba hanatanterahan'ny Governemanta ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika.

Teo ampamaranan'Andriamatoa Praiminisitra ny teniny, fisaorana ny Solombavambahoaka naharitra nihaino ny valim-panontaniana no nataony.

Fisaorana ihany koa no nasetrin'Andriamatoa Filoha izany, ho azy sy ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera ny mpivory. Nisantatra izany ny Vondrona Parlemantera IRD; taorian'izay ny Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara (TIM) ary mamarana azy ny Vondrona Parlemantera GPR.

Nambaran'Andriamatoa fa omena 5 minitra ihany koa ny Vondrona Parlemantera amin'ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré no nitondra ny tenin'ny Vondrona Parlemantera IRD. Fisaorana an'Andriamatoa Filoha sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra ary ny Solombavambahoaka no nanombohany ny fitenenany.

Nambarany fa misolotena ny Vondrona Parlemantera IRD izy satria ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD tsy eto an-toerana fa lasa namita iraka any amin'ny toerana nahavoafidy azy.

Fantatra fa miasa ny fitondram-panjakana tarihin'Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina miaraka amin'ny Governemanta tarihin'Andriamatoa NTSAY Christian, izany no fanamarihana nataony voalohany.

Efa betsaka ny zava-bita tao anatin'izay 10 volana niasana izay, indrindra mikasika ny fandriampahalemana, na ambanivohitra izany na an-tanàn-dehibe. Eo ihany koa ny fahavitan'ny fotodrafitrasa maro manerana ny nosy. Antenaina fa santatra ambavarano izany, araka ny tenin'Andriamatoa Praiminisitra, hoy izy, fa ny manetsa be mbola ho avy.

Fisaorana tamin'ny tenin'Andriamatoa Praiminisitra nilaza fa tsy misy atao zanak'lkialahafa ny Distrika rehetra, fa samy hahazo ny anjara masoandrony miaraka amin'ny programa IEM.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny teniny.

Nandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José, mpitondra tenin'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Nambarany fa fitiavan-tanindrazana lehibe no nasehon'ny rehetra satria naharitra hatramin'ny 2 ora sy sasany maraina ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka.

Nomarihany fa ao anatin'ny antoko mpanohitra ato amin'ny Antenimierampirenena ny Vondrona Parlemantera TIM kanefa rehefa mijery zavatra iray izy ireo, afaka miteny sy milaza ny hatsaran'ny zava-bitan'ny Governemanta tarihin'Andriamatoa Praiminisitra. Amin'ny maha mpanohitra ihany koa, miteny sy hiteny izahay, hoy izy, raha misy zavatra tsy mety eto amin'ny firenena. Iray ny andraikitra sy tanjon'ny rehetra dia ny hampandroso an'i Madagasikara.

Mankahery sy mampirisika anareo, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny vina sy fomba fiasa vaovao hoentinareo hamapndrosoana ny firenena izany. Fantatra ny fomba fiasanao, Andriamatoa Praiminisitra, satria efa niara-niasa isika teny amin'ny fampianarana teknika. Matoky ny fomba fiasanao izahay, indrindra amin'ny fanitsiana ny JIRAMA satria efa mahatratra 1 000 Miliara Ariary ny trosa teo aloha izay enjehina amin'izao fotoana izao.

Manohana ny ezaka lehibe ataon'ny Governemanta ihany koa izahay satria azon'ny fitondrana atao izany fampihenana ny vola mivoaka marobe, toy ny fividianana "groupe" izany satria amin'izao fotoana izao, mbola manofa isika ka mitaraina ny vahoaka Malagasy amin'ny saran'ny jiro aloany.

Isaorana manokana ihany koa ny teny natao amin'ny hampitoviana ny Distrika rehetra.

Manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana izahay avy amin'ny antoko mpanohatra satria mahatsiaro ho voalika kanefa efa manao ezaka lehibe ihany. Iaraha-mahita izany ezaka ataonay izany satria raha nisy ny fitsidihan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika na ny Praiminisitra na ny Minisitry tany amin'ny Distrika misy anay, nanatrika izany izahay, manaporofa izany ireo Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta ireo.

Tsy mbola nilaza izahay fa manohitra ny fanjakana rehefa misy lanonana atao satria mametraka tsara ny hajan'izany fitondram-panjakana izany. Mampalahelo ihany indraindray, Andriamatoa Praiminisitra, fa tsy mba voaantso any amin'ny Minisitery sasany izahay rehefa misy zavatra atao. Mitovy isika satria samy tia tanindrazana. Savosavo sy erika isika; raha soa, miara-mandina, raha ratsy miara-vasoka, izay no nametrahan'ny vahoaka Malagasy antsika eto amin'ity firenena malalantsika ity.

Mbola tsy manan-kambara loatra amin'izao satria vao haingana no nanolorana ny PGE teto aminay. Vonona ny hiara-iasa aminareo izahay ary tsy hijery arina an-tava raha toa misy zavatra tokony hahitsy eto amin'ity firenentsika ity.

Rehefa izany, fisaorana ny rehetra no nentiny namarana ny teniny.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, mpitondra tenin'ny Vondrona Parlemantera GPR kosa no namarana ny fitenenan'ny Vondrona Parlemantera.

Nambarany fa tsy misy zavatra kianin'ny Vondrona Parlemantera GPR izay rehetra voalaza teo.

Zavatra vitsivitsy no angatahin'ny Vondrona Parlemantera GPR, hoy izy. Tsy misy olona tsy tia fandrosoana izany. Rehefa manao ny fanjakana dia tsy manohatra izahay, fa manitsy ny tsy mety sao hanimba ny fitondrana tarihin'Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina. Izahay no atao hoe "centriste" ato amin'ny Antenimierampirenena.

Mangataka ny Minisitry ny Fahasalamana ny Solombavambahoakan'i Tsihombe, Andriamatoa Praiminisitra, mba handefa "médecin généraliste" ho an'ny Distrika sahaniny fa mijaly ny vahoaka any an-toerana.

Mangataka ny hampidinana ny "consultation" amin'ny fampiterahana any amin'ny hopitaly koa ny tenany.

Ho an'ny Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany, mangataka ny Solombavambahoaka avy ao Mananjary ny hijerena akaiky ny olana misy any aminy satria matetika mitaraina izy kanefa tsy misy valiny.

Ho an'ny Minisitry ny Paositra, mangataka ny hametrahana "pylône" ao amin'ny Kaominina Ankafo satria raha misy an'izany ao aminy, mahazo "réseau téléphonique" ny Distrikan'i Benenitra, Bekily ary Sakaraha. Anisan'ny misakana ny asan-dahalo ny fisian'io "pylône" io, koa mangataka, Andriamatoa Praiminisitra, ny hijerena izany akaiky satria efa ho 7 taona no nangatahako izany.

Rehefa izany, nilaza Andriamatoa Filoha, fa izay no fanamarihana fanampiny avy tamin'ny Vondrona Parlemantera tsirairay, ka averina amin'Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana raha manan-kambara mikasika izany izy.

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha sy ny Vondrona Parlemantera no nasetrin'Andriamatoa Praiminisitra ireo teny nataon'ny mpandray fitenenana farany.

Nambarany fa tsotra no hamaranany ny fihaonana: efa nilaza izahay, hoy izy, fa vonona ny hamaly an-taratasy tsirairay an'ireo fanontaniana napetraka tamin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ka ao anatiny no hahitana amin'ny antsipiriany an'ireo hetaheta nasehon'ny Solombavambahoaka tamin'ny fifanatrehana teto.

Eritreretina fa mitovy amin'ny fanontaniana napetraky ny Vondrona Parlemantera GPR ihany no nolazain'ny Solombavambahoaka namana nifandimby niteny teo.

Manantitra fisaorana sy fankatelemana ny Solombavambahoaka rehetra, indrindra fa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra tamin'ny fifampiresahana am-panajana nisy teto. Nasehontsika fa miombona amin'izany fitiavan-tanindrazana izany isika manontolo.

Ny androany, hoy izy, no vita fa ny fanohizana ny asa atao dia mitohy amin'ny andavan'andro hatrany. Raha sitraky ny Tompo, mbola hihaona eto ihany isika amin'ny fotoana mahamety azy.

Mankasitraka anareo tamin'ny fitondrana ny resaka natao teto. Mankasitraka ihany koa tamin'ny ezaka rehetra nisy nandritry izao fivoriana izao.

Teo ampamaranana, nomarihany fa mbola hiverina eto rahampitso ny "loi de finances" izay nankatoavin'ny Antenimierandoholona, ka niangavy izy amin'ny hanomezana laharam-pahamehana izany satria iankinan'ny fiainam-pirenena ny fandania ny tetibola ho an'ny taona 2020.

Rehefa izany, fisaorana ny rehetra no teny farany nataon'Andriamatoa Praiminisitra.

Raha namaly izany, Andriamatoa Filoha dia nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony; nisaotra ny Minisitra rehetra ihany koa satria nanome toky izy ireo fa hahazo valiny an-taratasy momba ny fanontaniana napetraka teo ny Solombavambahoaka.

Ankasitrahana ihany koa ny fahavononan'ny Governemanta amin'ny fiaraha-miasa sy fanomezana ny zavatra ilain'ny Solombavambahoaka satria io valiny an-taratasy io no heverina fa tatitra ho entina any amin'ny vahoaka. Heverina fa ho afa-po amin'izany Solombavambahoaka ary ho afa-po ihany koa vahoaka mpiray tanindrazana rehetra.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, araka ny nambaran'Andriamatoa Praiminisitra teo, izay tonga amin'ny fitenenana hoe: farany vao misy ventiny dia hiato vetivety ny fotoana ary hiverina indray ny Solombavambahoaka amin'ny 7 ora sy sasany, maraina, manohy ny adidy sy andraikitra izay ankinin'ny vahoaka sy ny lalàna aminy.

Nampahery ary nanasa ny olom-boafidy, Andriamatoa Filoha, mba havitrika amin'ny fandraisana andraikitra sy fahatongavana hifanotrona ary hanatanteraka ny asa andrasan'ny firenena amin'ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 2 ora sy 45 minitra, maraina, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.



NY FILOHA

RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle